Mijery An'I Jesosy

. . . avy ao amin'ny Baibolin'Andriamanitra. Mahafantatra an'izao, hoe raha diso ny teniko, ny Azy dia tsy ho diso. Noho izany dia tiako ny hamaky ny—Soratra iray avy ao amin'ny bokin'ny Isaia. Ary manana Soratra sasany aho voasoratra eto, sy fanazavana vitsy izay tiako hanaovana filazana, haingana arak'izay azo atao, ary avy eo dia hiditra avy hatrany hanaovana ny vavaka ho an'ny marary indray, izao hariva izao.

2 Tiako ny haka an'ity fanararaotra ity, raha mbola eo ampamadihana ao amin'ny Isaia 45 isika, dia tiako ny haka an'ity fanararaotra ity hisaorana an'ireo mpitoriteny rehetra izay niara-niasa tao amin'ity fivoriana ity.

3 Rahalahy Shores, tena sakaiza malalako mihitsy, izy no misolo tena ny Assemblées de Dieu, eto amin'ny tanàna. Rahalahy Outlaw, sakaizako hafa iray sarobidy, avy amin'ny Fiangonana Anaran'i Jesosy. Rahalahy Fuller, avy amin'ny Mahaleotena, sakaizako hafa iray sarobidy. Tsy ireo lehilahy teo ireo ihany, misolo tena an'ireo vondrona telo lehibe izy ireo, fa ireo mpitoriteny hafa izay efa nitoriako teny, taloha, tamin'ireo asam-pitoriana hafa, izy rehetra dia niara-niasa sy tonga niaraka, ary tonga ny olona. Matoky tokoa aho, ry rahalahiko, fa maro aminareo olona, izay narary ary nanana ilaina, dia nahazo fanampiana nandritr'izany fotoana izany. Ary azoko antoka fa niezaka an'izay rehetra fantatro aho hoe ahoana no hatao, ary azoko antoka fa ny Fanahy Masina no hanamarina an'izay efa voalaza sy natao.

4 Noho izany, ny Tompo anie hitahy anareo raha mitodika amin'ny Baiboly isika. Isaia 45, manomboka amin'ny faha-22-n'ny tok-. . . na ny andininy faha-22.

> *Mijere ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry faran'ny tany rehetra: fa izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa.*
>
> *Efa nianiana tamin'ny tenako aho, nisy teny nivoaka ny vavako tamin'ny fahamarinana, ka tsy hiverina, Fa izaho no handohalehan'ny lohalika rehetra,* ary *ny lela rehetra no* hamaly.

5 Fantatro fa tsy tena betsaka loatra ny famakiana ny Soratra, saingy ampy izany satria Mandrakizay Izany. Izany no Tenin'Andriamanitra. Ary raha hiantso an'ity ho lahateny iray aho ankehitriny, mandritry ny roapolo minitra eo, na telopolo, dia tiako ny hilaza, te-hilaza aho hoe: *Mijery An'I Jesosy.*

6 Izany ilay antso efa nandritry ny taona maro hoe, "Mijere Ahy, ianareo ry faran'ny tany." Tiako ny somary hanova an'izany kely fotsiny, ary hoe, "Mijere Ahy indrindra amin'ny fiafaran'ny

rafitra maneran-tany tsirairay," satria mampahafantatra ny Tenany foana ho tena misy Izy amin'ny fiafaran'ny rafitra maneran-tany iray rehefa tonga eo amin'ny fiafarany izany. "Mijere Ahy, ianareo ry faran'izao tontolo izao," no mety ho lazaiko. Hoy ny Soratra hoe, "Ireo farany, ireo faran'ny tany," ireo farany dia maro, "ireo faran'ny tany."

7 Maro no milaza hoe, "Efa nandre an'izany nandritry ny taona maro izahay hoe, 'Mijere Ahy. Mijere Ahy.'" Eny, marina izany. Fa ilay zavatra, ilay fanontaniana dia, dia hoe inona no hitanareo rehefa mijery ianareo? Efa nangatahana an'izany nandritry ny ela ianareo hoe, "Mijere Ahy."

8 Mandre ny olona manao hoe, "Jereo." Raha manonona ny teny hoe mijery izy ireo, dia midika hoe, "mifantoka, miandrandra, na mijery, na mandinika."

9 Ary ankehitriny Andriamanitra dia milaza eto hoe, "Mijere Ahy. Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy hafa."

10 Ary manontany aho, ao amin'ny fotoana iray izay iainantsika ankehitriny, inona no azontsika jerena izay mety ho mafy kokoa noho Andriamanitra? Ary Andriamanitra dia ny Teny, noho izany dia mijere ny Tenin'Andriamanitra, amin'izao andro izao, ho an'ny valinareo. Ny Baiboly no manana ny valiny ho an'ity andro ity. Efa nanana an'izany Izy nandritr'ireo taona hafa. Manana an'izany mandrakizay Izy, satria izany no Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

11 Ny Baiboly no manana ny valiny, satria ny Baiboly no fanambaran'i Jesosy Kristy, izay efa voambara hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Efa voambara Izy tamin'ny endrika mpaminany, efa voambara Izy tamin'ny endrika mpanjaka, efa voambara Izy tamin'ny endrika mpanao-lalàna, satria izany Izy: Mpanjaka, Mpaminany, Mpanao-Lalàna, ary Andriamanitra.

Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Mijere aty Amiko."

12 Dia hoy ianareo hoe, "Efa nataoko izany." Miankina amin'izay nojerenareo izany, ny mamaritra an'izay jerenareo, dia hoe aiza ary ho an'ny inona no itadiavanareo Azy. Inona no jerenareo? Antony inona no anananareo amin'ny fijerena Azy? Miankina fotsiny ihany amin'izay tadiavinareo izany, dia izany no hitanareo.

13 Mazàna, tonga ao amin'ny fivoriana iray ny olona, fiangonam-pivavahana iray, ny sasany amin'izy ireo dia mandeha mba hahita olona mifanizina goavana hiaraha-mitoetra. Ny sasany . . . Oh, halako ny hilaza an'ity, saingy marina ilay izy. Ny sasany mandeha any am-piangonana mba hampiseho fotsiny an'ireo akanjony izay anaovan'izy ireo. Ny sasany mandeha any am-piangonana satria hoy izy ireo hoe, "Ity no fiangonana goavana indrindra eto amin'ny tanàna; na izany no—izany no anarana tsara indrindra; kilasin'olona

manokana no mandeha ao amin'ity fiangonana ity," koa izany dia—diso izany. Hitanareo? Tsy mijery an'ilay zavatra marina izay nanorenana ny fiangonana ianareo.

Hoy Andriamanitra hoe, "Mijere aty Amiko."

14 Olona maro no mandeha mankany amin'ireo fivoriana ary mba ho hita fotsiny. Ary indraindray ny olona dia mandeha mankany amin'ireo fivoriana. . . Ratsy loatra ny hilaza an'ity, ary mety haharitra ela eo amin'izany isika. Fa mandeha any am-piangonana izy ireo miaraka amin'ny sainy efa voavoatra mialohan'ny andehanan'izy ireo. Raha misy zavatra manokana voalaza, na zavatra iray izay manohitra ny hevitr'izy ireo fotsiny, dia hitsangana avy hatrany izy ireo ary mivoaka. Tsy hahatanty fotsiny mihitsy izy ireo, satria efa nanana ny heviny manokana hoe tsy maintsy izao ilay izy.

15 Izany ilay tena antony tsy nahazoana an'i Jesosy rehefa tonga teto an-tany Izy. Raha mba afaka nijery tao anatin'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny mantsy izy ireo, raha tokony ho ny—ho ny fombafomban'io andro io, dia ho nahafantatra izy ireo fa Izy no Zanak'Andriamanitra. Satria, nanambara mazava ny Fihaviany feno ny Baiboly, ary tonga tao amin'ny fanambarana feno an'ny Teny Izy.

16 Ary ny taranaka tsirairay dia manambara Azy amin'ny fanambarana feno izay notsinjaraina ho an'izany fotoana izany.

17 Tsy maintsy manambara an'i Jesosy Kristy ity taranaka ity. Izany hoe ny fanambarana Azy izay nampanantenaina ao amin'ny Teny, dia tsy maintsy voambara amin'ity taranaka ity. Raha tsy handray an'Izany ireo fiangonana, dia hisy olona iray hitsangana ary hanao an'Izany.

18 Satria, hoy i Jaona hoe, "Andriamanitra dia afaka manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto. Aza mieritreritra ny hilaza ao amin'ny tenanareo hoe, 'Manana an'i Abrahama ho rainay izahay,' fa Andriamanitra dia afaka manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto."

19 "Satria izay nolazain'Andriamanitra, Andriamanitra dia afaka manatanteraka feno an'izay Nampanantenainy fa hatao. Nahalala an'izany i Abrahama raintsika, ary nanohitra ny fanantenana dia nino tamin'ny fanantenana izy; ary tsy niahanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'ny tsi-finoana; fa nahery, nanome dera ho an'Andriamanitra, satria Andriamanitra no nanao an'ilay teny fikasana ho azy."

20 Nanao teny fikasana iray ho antsika Izy ho an'ity andro ity. Nanao teny fikasana iray ho antsika Izy. Ary ny teny fikasantsika amin'izao andro izao dia azo antoka mihitsy fa ho voambara tahaka azy tamin'i Abrahama, satria isika no zanak'i Abrahama, "Satria maty ao amin'i Kristy, dia Taranak'i Abrahama isika, ary mpandova miaraka Aminy araka ny teny fikasana."

21 Olona maro no tonga, mitondra ny heviny, mipetraka ao anatin'ny fivorian'ny Full Gospel iray, na fivoriana hafa iray, ary hiandry fotoana vitsy fotsiny mihitsy izy ireo mandra-pisian'ny zavatra iray voalaza izay tsy eken'izy ireo, avy eo dia mitsangana ary mivoaka. Tsy hijanona hihaino intsony mihitsy izy ireo. Izy ireo dia . . . Tsy hijanona izy ireo mba hahita raha nisy tao, sy hoe inona no Fahamarinan'ilay izy.

22 Ankehitriny dia hoy isika hoe, "Fanahy ve izany? Avy taiza izany?" Efa nisy foana izany. Avy tao amin'ny Genesisy izany. Nisy nanerana ny Soratra izany. Matetika . . .

23 Rehefa niteny i Paoly indray mandeha, raha ny marina, tamin'ny vondron'olona iray, nahoana, izy ireo—nihaino azy tsara izy ireo raha mbola nijanona tao amin'ny lalàna izy. Fa rehefa nanomboka niteny mikasika ny fanambarana izy, ny fahitana avy any An-danitra, dia nanova haingana an'ilay fiangonana izany. Nitsangana izy ireo, mba hiantsoantso. Raha nihaino fotsiny an'izay nolazain'ilay lehilahy izy ireo, nanambara ny Fahamarinan'Andriamanitra izy, tamin'ny alàlan'ny Teny.

24 Indray andro lasa, tao amin'ny tanàna goavana iray, teto amin'ity Etazonia ity, dia nasaina ho an'ny fifohazana iray aho. Tena vitsy—vitsy ny olona nivory tao. Angamba, tao amin'ilay fifohazana manontolo, dia tsy mihoatra an'izay ato anatin'ity tranobe ity izao hariva izao mihitsy. Ary nieritreritra aho hoe, "Eny, tiako ny hanolotra ny—ny sakafo maraina iray, sakafo maraina maimaim-poana." Dia nalaiko ny fanati-pitiavako mba hanaovana an'ilay sakafo maraina maimaim-poana ho an'ny sasany tamin'ireo mpino ekiomenika tao amin'ilay tanàna tany, ary niteny tamin'izy ireo ho "Tonga, tiako ny hiresaka amin'izy ireo ka hiteny amin'izy ireo ny tanjoko ny amin'ny nahatongavana teo: hanampy an'ilay tanàna, hanampy ny marary, hanampy azy ireo, ny fiangonana rehetra."

25 Eny, tamin'io maraina io, rehefa Dokotera Lee Vayle no mpanolotra ahy tao amin'ilay asam-panompoana, izy no nampahafantatra ahy tamin'ny—ny mpanatrika, taorian'ilay sakafo maraina, ary nalaiko ny—ity lahateny ity hoe, "Tsy mba tsy nankatò ny fahitana avy any An-danitra aho." Tao anatin'ny fotoana fohy fotsiny, dia nahamarika mpitoriteny iray nijery ny famantaranandrony aho, nanatsotra ny tànany ary nanatoka ny lohany tamin'ilay lehilahy hafa iray, nitsangana ary nivoaka. Talohan'ny nilazako teny enina na valo, dia saiky ny ampahatelon'io vondron'ny mpitoriteny io no lasa nivoaka. Talohan'ny nananako dimy minitra hiresahana an'izay nolazain'i Paoly fotsiny, hoe izy dia "tsy mba tsy nankatò an'ilay fahitana avy any An-danitra," satria Andriamanitra no niantso azy ho an'io asa io, dia hitan'izy ireo teo no ho eo hoe aiza no hanaovako fototra ny fisainako. Tsy nisy nihoatra ny iray ampahatelon'ilay vondrona no tavela. Ankehitriny izany dia tsy

manolotra fiheverana Kristiana akory aza, ho toy ny lehilahy iray izay hanonona ny Anaran'i Jesosy Kristy.

26 Milaza an'izao amin'ny fanajana aho, saingy milaza an'izany mba hilentehany. Nanana fahalalana betsaka kokoa aho, ary fiombonana tsaratsara kokoa, niaraka tamin'ny andiana mpampianatra mpamosavy Afrikana noho izay nananako tamin'io vondrona mpitoriteny io tamin'io maraina io. Manolotra fiheverana betsaka ho an'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, ary nametraka fanontaniana, ho an'ny . . . ka afaka nanome azy ireo ny fanantenana izay nitoetra tato anatiko aho, ho an'ny fanantenana ny Fiainana Mandrakizay.

27 Tsy nanam-potoana ho an'Izany mihitsy ireo mpitoriteny ireo. Haingana fotsiny mihitsy, vantany vao nilaza zavatra iray ianareo, dia lasa nivoaka izy ireo. Ary noho izany dia tahaka an'izany ilay izy. Nanana ny heviny efa voamboatra tsara izy ireo, hijanona ela be izy ireo, ary izay ihany no tian'izy ireo ho fantatra. Raha Teny anankiray tsy mifanaraka amin'ny zavatra tsy misy dikany izay inoan'izy ireo ilay izy, dia tsy afaka mijanona sy mihaino an'Izany hatramin'ny farany izy ireo. Izany no antony tsy nahafahan'izy ireo nino an'i Jesosy Kristy tamin'ny Fihaviany voalohany. Izany no antony hahatonga azy ireo ho diso Azy amin'ilay Faharoa.

28 Diso Azy isan'andro izy ireo. Efa izany foana izy ireo. Ary nanambara ny Tenany tao amin'i Mosesy Izy, nanambara ny Tenany tao amin'i Noa, nanambara ny Tenany tao amin'i Elia, ireo mpaminany rehetra, fa diso an'izany isan'andro izy ireo. Hoy Jesosy hoe, "Iza tamin'ireo razanareo no tsy nanao an'ireo mpaminany tao amin'ireo fasana izay haingoin'izy ireo ankehitriny?" Marina izany. Efa marina foana izany. Mbola marina izany androany.

29 Ary, kanefa, eo afovoan'io rehetra io, dia nodidiana isika mba hijery. "Mijere Azy, ireo faran'izao tontolo rehetra izao."

30 Indraindray dia tonga izy ireo, hitsara anareo amin'ny alàlan'ny karazan'akanjo ny lehilahy iray. Raha tsy manao akanjon'ny mpitoriteny ianareo, sy ny sisa, amin'izay fotoana izay dia any ivelany izany, tsy hanana na inona na inona hatao miaraka aminareo izy ireo. Indraindray izy ireo dia te-hijery hoe karazana fianarana inona no anananareo, raha miteny tsara ny teninareo ianareo, raha mijoro tsara ianareo, ahoana no ampiasainareo an'ireo anarana sy mpisolo anarana.

31 Am-pahatsorana, izaho dia tsy mahafantatra hoe iza no anarana na mpisolo anarana. Tsy afaka miteny aminareo aho. Noho izany, izany, any ivelany izany, ho ahy, ary izaho—tsy mahafantatra fotsiny aho. Tsy afaka manao fahasamihafana eo amin'ny anarana iray sy mpisolo anarana iray aho. Nahafantatra aho fony aho tany an-tsekoly, fa efa ela izay no nanadinoiko an'izany.

32 Zavatra anankiray fotsiny no fantatro, ary izany dia Jesosy Kristy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany, izay ihany no haiko lazaina. Ireo mpilaza toetra sy mpisolo anarana, tsy mahay na inona na inona aho. Ary heveriko fa izany no ahatongavantsika rehetra miaraka ho an'ireo fivoriana tahaka an'ity, dia ny hahafantatra Azy; tsy ny hahafantatra an'ireo anarana sy mpisolo anarana, fa ny hahafantatra Azy, Jesosy Kristy, ao amin'ny herin'ny Fitsanganany.

33 Ankehitriny, ny olona sasany, rehefa mijery an'i Jesosy izy ireo, dia mijery izy ireo ary mahita Azy, mijery ary mijery Azy, ary, avy eo dia mahita Azy, mahita Azy ho mpanorina fiangonana iray fotsiny ihany izy ireo, na ny—ny—ny mpandrafitra fiangonana iray, na angamba ny—ny fanekem-pinoana iray ho an'ny fiangonana iray. Izany no ijeren'ny olona maro an'i Jesosy mba ho hita. Fanekem-pinoana vaovao iray fotsiny Izy izay nampiana tao amin'ny foto-pampianarana tranainy iray. Ankehitriny dia olona maro no mijery ka mahita Azy tahaka an'izany.

34 Ny sasany dia mijery sy mahita Azy ho angano iray, Santa Claus. Na, ny sasany amin'izy ireo dia mijery Azy ho hetsika aratantara iray izay nataon'Andriamanitra taona maro lasa izay. Ny sasany amin'izy ireo dia mijery Azy mbola zazakely iray ao anatin'ny fihinanam-bilona.

35 Fa, ilay fanontaniana dia, inona no hitanareo rehefa mijery Azy ianareo? Mahita an'ilay olona faharoa an'ny trinite ve ianareo, sa mahita trinite iray, telo ao amin'ny Anankiray? Hahita Azy fotsiny ihany arak'izay ijerenareo Azy amin'ny alàlan'ny Teny ianareo. Izany no fomba tokana ahafantaranareo an'Izany, satria Izy no Teny. Izany no hanambara ny Tenany. Miankina amin'izay tadiavinareo izany.

36 Raha mijery Azy ianareo, hiady hevitra, amin'izay fotoana izay dia diso ny fijerinareo. Tsy miady hevitra Izy. Tsy nety Taminy ny niady hevitra.

37 Tsarovy, mahita Azy arak'izay ijerenareo Azy amin'ny alàlan'Ny Teniny ianareo, ary mahafantatra Azy. Ankehitriny dia tsy afaka mijery Azy ianareo mandra-pisokatry ny masonareo eo amin'ilay zava-misy. Afaka mijery eo amin'ilay Soratra iray ihany ny olona roa nefa tsy mifanaraka; ny anankiray amin'izy ireo dia tsy maintsy marina, ary ilay iray hafa diso.

38 Indraindray dia misy ireo zavatra izay mitranga manodidina antsika, izay tsy mety azontsika; ny sasany dia milaza fa mahita zavatra izy ireo, ny sasany tsy mahita na inona na inona mikasika an'izany.

39 Jereo tany Dotana tany, tamin'ny andro izay nanodidinan'ny tafika Syriana an'i Elia. Ary ilay mpanompony mahatoky, Gehazy, izay niaina niaraka taminy, nikarakara azy, nahandro

ho azy, ary nanao an'ireo akanjony hadio, nandraraka rano teo amin'ny tànany; niaraka taminy mihitsy, andro aman'alina, nihaino azy nampianatra sy nitory teny. Ary tamin'io maraina io rehefa nifoha izy, dia nijery ka nahita an'ilay tafika Syriana nanodidina ny rehetra; hoy izy hoe, "Ry ikakiko, indrisy, jereo ilay fanoherana izay ananantsika, ny tafika Syriana manontolo!"

40 Hitanareo, Elia, rehefa nitsangana izy, ka nijery, dia nahita zavatra izay tsy hitan'i Gehazy. Ary noho izany dia nivavaka izy hoe, "Andriamanitra, sokafy ny mason'ity lehilahy tanora ity." Ankehitriny, nisokatra be mihitsy ny masony, saingy hoy izy hoe, "Sokafy ny masony, mba hahitany." Ary rehefa ny masony, ara-panahy, no lasa nisokatra, dia feno kalesy Afo ireo tendrombohitra manontolo ary ireo Anjely rehetra nanodidina an'io mpaminany io. Hitanareo, hafa ilay izy rehefa lasa nisokatra ny masony.

41 Ankehitriny, mijery ny Teny ny olona, ara-bakiteny, ary tahaka an'izany no natao ijerenareo Azy, saingy Izany dia manambara ny Tenany sady ara-bakiteny no ara-panahy. Ny Fanahy no mamelona ny Teny ho amin'ny teny fikasana. Amin'ny teny hafa, dia Voa iray Izany, ny Fanahy no manome Ny Ainy. Izy no manosotra, Izy no manome Azy Ny—Ny fandehanany, tahaka ny anomezan'ny ranonorana an'ilay voa izay nilevina tao anatin'ny tany. Izany no mamokatra, Fiainana. Ary rehefa mijery an'i Jesosy ho ny Teny nampanantenaina an'ilay ora ianareo, amin'izay fotoana izay dia ho voambara aminareo izany. Raha mijery Azy ianareo, dia hahita fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ilay Kristy tsy miova.

42 Ampahany iray amin'ny Tenin'Andriamanitra no notsinjaraina ho an'ny taranaka tsirairay, hatrany amin'ny Genesisy rehetra. Mandefa olona iray foana Andriamanitra. Mazàna dia hanao Azy hifangaro loatra ireo mpitondra fivavahana hany ka tafiditra ao anatin'ny fombafomba ilay izy, sy ny sisa, tahaka ny tamin'ny fihavian'i Jesosy, ary avy eo dia mandefa mpaminany iray Andriamanitra. "Ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny mpaminany," izy no manambara an'Izany. Notoraham-bato ho faty, na noroahina, voaroaka; ary avy eo, aoriana kelin'ny nahalasanany, dia manorina ny fasany izy ireo ka milaza fa izy dia lehilahy malaza iray. Miaina ao amin'ny aloka iray ny amin'ny naha-izy azy tany aoriana tany izy ireo, ka mandà ny Teny izay mitohy amin'izao andro izao.

43 Tahaka ny olona fotsiny izany: miresaka foana izy ny amin'ny hoe lehibe toy ny ahoana Andriamanitra sy izay Nataony, ahoana ireo zavatra izay Hataony, nefa tsy mahita an'ireo zavatra izay Ataony izao ankehitriny izao. Hitanareo? Mijery Azy ao amin'ny tantara izy, mijery Azy ao amin'ny faminaniana, saingy manadino fa manao an'ilay zavatra iray ihany Izy izao

ankehitriny izao tahaka ny Nataony tamin'izany. Ao amin'ny olona fotsiny izany, na izany aza.

44 Nahamarika an'ireo mpianatra isika, indray mandeha, taorian'ny . . . Eny, izany no marainan'ny Paska voalohany. Maraina iray toy ny inona! Jesosy, nitsangana tamin'ny maty, nandeha teo anivon'ireo voninkazo. Ary mpisakaiza roa, Kleopasy sy ny iray tamin'ireo sakaizany, dia teny amin'ny làlana nankany Emaosy. Fa nandeha hatrany izy ireo niresaka, nalahelo tao am-pony. Dia nivoaka avy tao amin'ny kirihitra ny Lehilahy iray, ka nandeha niaraka tamin'izy ireo tamin'ny sisa amin'ilay andro, niresaka tamin'izy ireo mikasika an'i Kristy. Ary tamin'io hariva io, dia nangataka Azy izy ireo. Izy dia nanao toy ny hoe handalo azy ireo fotsiny Izy, saingy nangataka Taminy ireo mba hiditra. Niditra Izy.

45 Ary, rehefa niditra Izy, dia nanao zavatra Izy teo tamin'ny fomba izay Nanaovany azy talohan'ny fanohomboana Azy sy ny Fitsanganany. Talohan'ny nanohomboana Azy, dia nahita Azy nanao an'ilay izy tahaka ny Nanaovany azy mihitsy izy ireo. Fantatr'izy ireo fa Izy izany, na dia efa niaraka Taminy nandritry ny andro manontolo aza nefa tsy nahafantatra mihitsy hoe Iza Izy.

46 Misy izany, amin'izao andro izao, hoe lehilahy tsara, lehilahy mahafinaritra, mandeha miaraka amin'i Kristy, mamaky Ny Teniny, nefa mbola tsy mahafantatra fa izao no ora izay tsy maintsy hahatanteraka an'ireo zavatra sasany an'ity Baiboly ity. Izany ny ora izay iainantsika, antomotra ny fotoana izay tsy maintsy hahavita an'ireo zavatra ireo. Voasoratra izany, ary noho izany dia tsy maintsy tanteraka izany satria Andriamanitra no nampanantena an'izany. Eny, tsy maintsy misokatra ny masontsika mba hahita ny Teny. Ankehitriny, dia afaka mijery ny Teny ianareo . . .

47 Ireo Fariseo dia nanana an'ity Teny ity voasoratra tsara marina tokoa ny amin'ny fomba hahatongavan'ny Mesia. Nino izy ireo fa hoe marina izy ireo. Ary indro Izy teraka ary nandeha mihitsy teo anivon'izy ireo, nefa nanameloka Azy izy ireo; rehefa niteny tamin'izy ireo Izy hoe, "Zahao ny Soratra, fa ao amin'Ireny no heverinareo fa anananareo Fiainana Mandrakizay, ary Izy ireo no Hany manambara ny Amiko."

"Zahao ny Soratra."

Hoy izy ireo hoe, "Mpianatr'i Mosesy izahay."

48 Hoy Izy hoe, "Raha mpianatr'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy, satria Mosesy dia nanoratra ny Amiko."

49 Ary nanao Izy. Hoy i Mosesy hoe, "Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana Mpaminany iray tahaka ahy, mpanao-lalàna iray, sy ny sisa, ary Mpaminany iray, ary Izy no hohenoin'ny olona."

50 Hitanareo, raha nahafantatra ny soratr'i Mosesy izy ireo, dia ho nahafantatra Azy. Nihevitra izy ireo fa nahafantatra ny soratr'i Mosesy, saingy, hitanareo, tsy nahafantatra an'izany izy ireo. Hitanareo, jamba tamin'ilay tena zava-misy izy ireo.

51 Koa teny vitsy avy Aminy fotsiny, tahaka an'izany, dia inona no nataon'izy ireo? Nitsamboatra ka nanao hoe, "Manana devoly io Lehilahy io. Tonga hampianatra antsika ve? Avy tamin'ny sekoly inona Izy? Tsy manana filazana ny Aminy isika. Manontany izahay hoe kara-piombonan'iza no Entiny?" Na, zavatra mitovy amin'izany ilay fanontaniana.

52 Fa diso tamin'ny fijerena sy ny fahitana izy ireo hoe ilay tena Andriamanitra izay nampanantena fa ny Teny dia nanamarina an'izany mihitsy teo tamin'ny alàlan'io Olona Jesosy Kristy io, satria Izy no Fahazavan'ilay ora. Izy no Fahazavana handehanan'ny olona. Ary, ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no mamokatra Fahazavana. Ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no mamokatra Fahazavana.

53 Ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no mamokatra ny hazavan'ny masoandro. Ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no mamokatra ny tany. Ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no mamokatra ny rivotra. Ny zavatra rehetra dia ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho, ny zavatra rehetra dia manana fisiana iray amin'izany.

54 Rehefa teto Izy, dia hoy Izy hoe, "Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy hafa afa-tsy Izaho."

Ny sasany nijery. Ndao isika haka sasantsasany izay nijery.

55 Isaia, indray mandeha, mpaminany tanora iray . . . Teto Phoenix tamin'ny farany teo, niresaka ny aminy aho, tamin'ny—tamin'ilay mpandraharaha, mino aho fa izay ilay izy. Ahoana fa niankina mafy teo amin'ny sorok'ilay mpanjaka izy, Ozia, ary hitantsika fa lasa nirehareha tanteraka io Ozia io ka tratry ny habokana izy. Tamin'izay fotoana izay dia tsy maintsy nandeha nankany amin'ny tempoly i Isaia ka nivavaka, sy nilaza, hiaiky fa mpanota iray izy. Dia nahita an'ireo Kerobima tonga izy, niaraka tamin'ireo elany nanarona ny tavany masina, sy ny tongony, ary nanidina tamin'ny elany, ka niantsoantso hoe, "Masina ny Tompo Andriamanitra." Rehefa nanao topi-maso iray ny amin'i Jesosy Kristy i Isaia, dia ity no hitany. Tsy nahita lehilahy tsotra fotsiny mihitsy izy. Tsy nahita filozofy iray mihitsy izy.

56 Tahaka ny ankamaroan'ireo fiangonantsika Protestanta amin'izao andro izao, heveriko fa ny valo amby enim-polo na enina amby valopolo isan-jaton'izy ireo, tao amin'ny fandinihana iray, dia nandà ny hino. Mandà ny fahaterahana ara-virijin'i Jesosy Kristy izy ireo; ireo mpitory tenintsika Protestanta. Marina izany. Avy amin'ireo antontan'isa izany. Eto mihitsy, mandà an'ilay fahaterahana ara-virijiny izy ireo.

Tsy mino izy ireo fa ara-virijiny tokoa ilay izy. Koa, noho izany, tsy nahita zavatra tahaka an'izany i Isaia. Ny sasany tamin'izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Lehilahy tsara iray Izy." Ny sasany tamin'izy ireo, tahaka ny sasany amin'ireo anaram-piangonantsika amin'izao andro izao, nanao hoe, "Lehilahy tsara iray Izy. Azo antoka, tsy misy fahadisoana ao Aminy, saingy, teneniko aminareo, Ireo Teniny dia tsy azo aorina na inoana amin'izao andro izao."

57 Eny, ny finoana rehetra sy ny finoana rehetra izay naorina ankoatry ny Tenin'Andriamanitra, dia avelao any izany. Hoy Jesosy hoe, "Ho diso ny tenin'olona rehetra, fa ny Ahy tsy ho diso. Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy."

58 Koa, noho izany, ny fanekem-pinoana rehetra na ny zavatra rehetra izay tsy niorina teo amin'ity Tenin'Andriamanitra ity, ny Tenin'Andriamanitra rehetra! Hoy Jesosy hoe, "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra." Tsy hoe Teny iray fotsiny *eto* ary Teny iray *etsy,* sy zavatra kely iray eto sy etsy, ary mametraka an'Izany miaraka; fa, "Ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra!" Ny olona dia tsy maintsy maka ny Teny rehetra an'ny Baiboly! Mametraka an'Izany miaraka . . . Efa miaraka Izany; vakio fotsiny Izany dia minoa an'Izany, mihetseha eo amin'Izany, dia hanaja an'Izany Andriamanitra.

59 Ankehitriny dia mahita isika fa, Isaia, rehefa nijery izy. Inona no hitanao, ry Isaia? Nahita Anankiray izy izay nantsoina hoe, "Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra mahery, Rain'ny mandrakizay." Izany no nojereny.

60 Raha hiantso lehilahy hafa iray aho, Daniela, nanana fanararaotra hahita Azy ianareo indray mandeha. Mpaminany lehibe iray, inona no hitanao? Hoy izy hoe, "Nahita Vato iray aho, niendaka avy teo amin'ny tendrombohitra, tsy tamin'ny tànana, ary nikodia teo amin'ireo fanjakan'izao tontolo izao Izany ka nandrava azy ireo ho potipotika, ary notsofin'ny rivotra izy ireo tahaka ny akofa eo am-pamoloana fahavaratra. Ary ilay Vato dia nitombo ho tendrombohitra lehibe iray izay nanarona ny tany rehetra." Izany no nolazainy mikasika Azy.

61 Noho izany, Izy no hanapaka an'izao tontolo izao, indray andro any. Ny olona dia miady amin'izao andro izao mba ho mpanapaka an'izao tontolo izao; ny firenena tsirairay dia mila ny fiteniny, ireo—ireo fisainany; ny anaram-piangonana rehetra dia mila ny vondrony hihoatra an'ilay hafa. Fa hisy Anankiray ho avy, ary izany dia ho Jesosy Kristy. Izy no Mpanapaka ny maneran-tany rehetra; tsy iza fa Andriamanitra Izy tenany.

62 Nebokadnezara, indray andro, dia nanao zavatra ratsy, natsipiny tao anaty lafaoro afo ireo zanaka telo nino. Ary rehefa nanokatra an'ilay varavarana izy mba hijery hoe nanao ahoana izy ireo tao anatiny tao, dia nahita an'ilay Lehilahy

fahefatra tao anatin'ilay lafaoro izy. Fa inona no hitanao rehefa nijery ianao, ry Nebokadnezara? Hoy izy hoe, "Tahaka ny Zanak'Andriamanitra Izy." Izany no hitany rehefa nijery tao amin'ilay heloka be vava izay nataony izy, nisy Anankiray tahaka ny Zanak'Andriamanitra.

63 Nijery i Ezekiela indray andro, hoy izy hoe, "Izaho dia nahita Azy, ihany koa, ary Izy dia Kodia iray ao afovoan'ny kodia, mihodina, niakatra teo afovoan'ny habakabaka." Tahaka an'izany Izy ho an'i Ezekiela.

64 Jaona, ilay lehibe indrindra amin'ireo mpaminany, izy no anankiray izay nampahafantatra an'i Jesosy. Jesosy no nilaza fa izy dia "lehibe nohon'ny olona rehetra izay teraka." Efa mba nieritreritra ve ianareo hoe nahoana izany? Ny sisa tamin'izy ireo dia niresaka ny Aminy hoe, "Ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny mpaminany," ny Baiboly no niteny an'izany, fa tao amin'ny mpaminany hafa rehetra dia tonga tamin'izy ireo tamin'ny fahitana izany. Fa rehefa tonga tamin'i Jaona ny Teny, dia nofo Izy. Jesosy no Teny. Izy no Teny. Izy foana no Teny, fa teo no nisy ny fahafenoan'Andriamanitra "tonga nofo ary nonina teo anivontsika." Rehefa tonga teo aminy Izy tao anatin'ny rano, dia mpaminany iray izy. Ary raha tonga nofo ny Teny, dia tsy maintsy tonga amin'ny mpaminany Izy. Ny Teny, na aiza na aiza Izy, dia tsy maintsy tonga amin'ny mpaminany iray Izy, satria ny mpaminany no anankiray izay ahatongavan'ny Teny. Ary Jaona no mpaminanin'ilay andro.

65 Ary rehefa tonga teo aminy ny Teny, dia nandeha tao anatin'ny rano ka nanao hoe, "Mila hatao batisa Aho."

66 Dia hoy i Jaona hoe, "Izaho no mila Ataonao batisa, koa nahoana Ianao no manatona ahy?"

67 Hoy Izy hoe, "Ataovy ihany izao ankehitriny, fa izao no mety amintsika mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra."

68 Efa mba noeritreretinareo ve hoe nahoana i Jaona no nilaza an'izany? Nahoana i Jaona no nilaza an'izany tamin'i Jesosy? Nahoana? Satria izany dia . . . Nety tamin'izy ireo izany. Izy ireo dia . . .

69 Teo ilay—ilay mpaminany sy ny Teny, ary ny Teny dia tonga tamin'ilay mpaminany, ankehitriny dia nety tamin'izy ireo izany mba tsy maintsy hanatanteraka ny fahamarinana rehetra. Inona no nitranga? Noho izany dia nanao batisa an'i Jesosy i Jaona. Satria, Jaona dia mpaminany ary nahafantatra ny Teny, tsy maintsy sasana ny fanatitra alohan'ny anolorana azy, ary izany no antony nanaovan'i Jaona batisa an'i Jesosy.

70 Nijery Jaona, ary nahita izy. Ahoana no nahafantarany fa io no Jesosy? Nahita voromailala iray izy, ary izany no notenenin'ny Fanahin'Andriamanitra taminy. "Ary eo ambonin'Izay hahitanao ny Fanahy midina, ka mijanona eo, dia Izy no Anankiray izay hanao batisa amin'ny Fanahy Masina sy Afo."

71 Nijery i Noa. Mahita isika eto, nisy lehilahy hafa iray nijery, tamin'ny anarana hoe Noa—Noa. Nijery izy ary nahita ny fahamarinan'Andriamanitra teo ambonin'ny . . . Ilay fitsarana marina an'Andriamanitra, raha ny marina, teo amin'ny taranaka iray ratsy fanahy mpandà-Teny, dia niraraka. Tao amin'ny fahitany, satria mpaminany iray i Noa, dia nanome azy fahitana iray Andriamanitra ny amin'ny hoe ahoana no hanamboarana an'ilay sambofiara, ary nanoro hevitra azy hoe ahoana no hanaovana an'ilay fanamboarana, ahoana no tsy maintsy hanamboarana azy. Ao amin'ity, ahoana no nahafahan'i Noa, raha tsy ny Tenin'Andriamanitra io fahitana io, rehefa nahita an'io fahatezerana io izy ka nanao fomba fiomanana iray?

72 Isan'andro, mialohan'ny fahatongavan'ny fitsarana, dia misy fiomanana iray natao. Izany foana ny Tenin'Andriamanitra.

73 Ary rehefa nanamboatra ny Tenin'Andriamanitra niaraka izy, nanambara fa io fahitany io dia marina ka nino an'izany izy, dia naneso azy ireo mpamingavinga, sy ny sisa. Fa nijery nankany aloha i Noa ka nahita fa ny fahamarinan'Andriamanitra dia mitaky fitsarana eo amin'ny olona, ary nanamboatra sambofiara iray izy mba hamonjena ny ankohonany manokana. Rehefa nijery izy, dia nahita ny fahatezeran'Andriamanitra tonga, ary nanao an'ireo fiomanana ho an'ny olona mba handositra an'io zavatra io izy.

74 Toy izany koa no nataon'i Jaona Mpanao-batisa, nanao fiomanana ho an'ny fandosirana izy.

75 Ary toy izany koa ny Fanahy Masina, amin'izao andro izao, mialoha làlana ny Fihavian'i Jesosy Kristy, dia manao fanamboarana iray, ilay Vatan'i Jesosy Kristy. Natao batisa tao amin'Izany isika; fa tsy tamin'ny fanekem-pinoana iray, tsy tamin'ny anaram-piangonana na fandraisan-tànana iray. Fa, "Tamin'ny Fanahin'Andriamanitra no nanaovana batisa antsika ao amin'ny Vatan'i Jesosy Kristy," fanamboarana iray izay hahatanty an'ireo fitsarana, satria efa voatsara sahady Izany. "Rehefa Hitako ny Rà, dia handalo eo amboninareo Aho." Eny.

Noa, nijery izy ary nahita an'izay ho avy.

76 Nijery i Mosesy, indray andro, nahita Andry Afo iray izy. Nisintona ny fifantohany Izany. Ity teolojiana malaza ity, nandositra niaraka tamin'ny fiofanany ara-teolojika rehetra izy, sy ny fahazoany (tamin'ny alàlan'ny reniny) an'ny Teny Izy tenany. Ny amin'ny hoe ahoana fa izy no tsy maintsy hanafaka an'ireo zanak'Isiraely. Fa rehefa niezaka tao amin'ny fanaony izy, dia tsy nahomby. Ary na dia ny reniny aza dia nanoro hevitra azy tsara teo amin'izay hatao, sy izay hataony, sy ho an'ny inona no nananganan'Andriamanitra azy. Io fahalalany rehetra io, na dia tsara aza ilay izy, ary tsara ilay izy, kanefa tsy maintsy napetraka izany. Ireo mekanika fotsiny ihany izany.

77 Tsy ireo mekanika no mampandeha ny fiara. Ireo dynamika no mampandeha azy.

78 Tsy mampandeha ny fiangonana ireo mekanika; ireo dynamika no izy, ny Fanahy Masina izay miditra ao amin'ity Teny ity. Tsy ny seminera no mampianatra anareo ny teolojia rehetra ary ireo fandikana Grika. Fa ireo dynamikan'ny Fanahy Masina ao anatiny ao, mba handrehitra an'Izany sy hanao an'ilay izy hiseho, ary hanao azy ho velona marina tokoa hoe ho an'ny inona ny Teny nampanantenaina ho an'ity ora ity. Tsy ireo mekanika; ireo dynamika! Izany dia mila an'ireo mekanika sy dynamika, ny Teny sy ny Fanahy, izy ireo no Anankiray izay manome Fiainana.

79 Izay nampanantenain'Andriamanitra ho an'ilay ora, dia izany no tadiavo mba ho tanteraka. Tsy maintsy mijery Azy ianareo, satria Izy no Teny. Ary ny fomba tokana ahafahanareo mijery ny Teny, dia ny mijery Azy. Jereo Izy, Izy no Teny, ary ny Teny nampanantenaina ho an'ity andro ity dia tsy maintsy tanteraka amin'ity andro ity. Tsy mety ho tanteraka amin'ity andro ity ny andron'i Noa; tandindona iray fotsiny ihany izany, ny andron'i Mosesy, sy ny sisa. Fa ity no andro izay nampanantenain'Andriamanitra an'ireo zavatra izay ifaliantsika ankehitriny ireo, ireo zavatra izay hitantsika ankehitriny ireo, izay ihomehezan'izao tontolo izao, ity hery lehibe malazan'ny Fanahy Masina izay afaka manova ny fon'ny mpanota iray ity, izay afaka maka mambram-piangonana matimaty iray ka manome azy fijoroana vavolombelona iray izay handrehitra an'ilay fiangonana, avy amin'izay nivoahany. Izany no dynamika izay miditra ao amin'ny Teny.

80 Tahaka ny nolazaiko matetika, efa nahita kilasin'olona roa aho. Ny iray amin'izy ireo dia ara-pototra; ara-toerana dia fantany hoe aiza ao amin'i Kristy izy, nohon'ny Teny, saingy tsy manana finoana ao amin'izay ataony izy. Tsy nahazo ny Fanahy Masina izy. Avy eo dia hitako ireo Pentekotista, maro amin'izy ireo no nahazo ny Fanahy Masina, saingy tsy mahafantatra hoe iza izy ireo. Tahaka ny lehilahy iray fotsiny izay manam-bola any amin'ny banky nefa tsy afaka manoratra seky iray, ary iray ilay hafa afaka manoratra seky iray nefa tsy manam-bola any amin'ny banky. Raha afaka mametraka an'ireo anankiroa ireo miaraka ianareo, raha afaka manao an'ilay Pentekotista hahalala hoe iza izy, ka miverina amin'ilay tena Tenin'Andriamanitra, feno; miaraka amin'io batisan'ny Fanahy Masina io, izany no handrehitra indray an'izao tontolo izao amin'ny fifohazana pentekotista vaovao iray. Rahalahy, ranabavy, marina izany.

81 "Mijere Ahy, ianareo ry faran'ny tany rehetra; fa Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy hafa afa-tsy Izaho."

82 Oh, afaka mamantatra ny kominisma isika, afaka mamantatra ny zavatra hafa rehetra isika, saingy manontany aho raha afaka mamantatra an'ilay ampahan'ny Teny izay notsinjarain'Andriamanitra ho an'ity andro ity isika? Manontany aho raha afaka mahita an'ilay famantarana izay notenenin'Andriamanitra tamintsika fa ho eto an-tany amin'ity andro ity isika? Manontany aho raha mahita an'izany isika?

83 Eny, miverina amin'i Mosesy indray. Izy no rehetra . . . nanana an'ireo mekanika rehetra mikasika an'izany, saingy indray andro tao anatin'ny roimemy nirehitra iray, dia nandre Lehilahy iray niresaka tamin'ny feon'olombelona izy, Andry Afo iray nirehitra tao anaty kirihitra iray, niteny tao amin'ny feon'olombelona iray, ka nanao hoe, "IZAHO NO IZAHO IZAY IZY. Ary efa Reko ny fitarainan'ny Oloko. Tsaroako Ny Teniko, ary midina Aho hanafaka azy ireo. Ary maniraka anao Aho hanao an'ilay izy." Lehilahy hafa iray toy ny inona io, vantany vao azony ilay . . . Nanana an'ireo mekanika izy, saingy nahazo an'ireo dynamika izy tao anatin'izany. "Azo antoka, homba anao Aho." Izay ihany no nilain'i Mosesy mba handehanana, nijery izy ary nahita tao anatin'ilay roimemy nirehitra.

84 Taty aoriana tao amin'ilay dia, mahita an'Isiraely isika rehefa nivoaka izy ireo. Izy ireo dia nijery, ihany koa, ary nahita menarana varahina iray. Ary tao anatin'io menarana varahina izay natsangana ho an'ny aretin'izy ireo io . . . Nanota izy ireo, ary nahita menarana varahina iray. Tao amin'io menarana varahina io dia hitan'izy ireo, tao amin'ny tandindona, ny fitsarana izay hapetrak'Andriamanitra eo amin'i Jesosy Kristy, mba ho faty ho antsika mpanota tsy mendrika rehetra, meloka. Izany no hitany.

85 Nijery tany Aminy ireo mpianatra, indray mandeha, tao anatin'ny olana, teny ambonin'ny ranomasina, ary inona no hitan'izy ireo? Nahita ny famonjeny izy ireo. Nahita ny famonjena tonga tamin'ny Alàlany izy ireo.

86 Marta, rehefa nanana fahafatesana iray izy indray andro tao amin'ilay fianakaviana, maty ny anadahiny manokana, Lazarosy, ilay anadahy tokana izay nananany. Nijery nankany Aminy izy tamin'ilay fotoan'ny fahafatesana, ka nahita ny fitsanganana sy Fiainana. Izany no hitany tao Aminy. Ankehitriny, toy ny hoe nandà azy Izy; lasa nandeha Izy rehefa maty ny anadahiny. Fa ny zavatra voalohany fantatrareo, tampoka teo dia Hitany . . . Rehefa maty ilay zazalahy, ary voalevina nandritry ny efatra andro, dia efa maimbo izy.

87 Fantatr'i Marta fa nisy zavatra izay hafa mikasika Azy. Efa namaky ny Soratra izy. Nino Azy ho ny Zanak'Andriamanitra izy, Imanoela, Andriamanitra tonga voaseho. Fantany fa Izy no solontenan'Andriamanitra. Ary fantany, fa raha afaka nanangana zazakely maty iray i Elia, ary izy izay ampahany iray

an'ny Teny fotsiny, ho an'ilay ora; Kristy no fahafenoan'ny Teny, azo antoka fa fantany hoe nanana hery hanangana ny anadahiny Izy. Ary rehefa nandeha nankany Aminy izy tao amin'ilay oran'ny fahafatesana, tao amin'ny fisaonana, dia nahita ny fitsanganana sy Fiainana izy rehefa nijery tany Aminy. Tsy nijery tany Aminy mba hitsikera Azy izy, na nanontany Azy hoe nahoana Izy no tsy tonga, na nisalasala ny Aminy.

88 Tsy tokony hisalasala amin'ny Tenin'Andriamanitra mihitsy ianareo. Izany no nampiditra ny taranak'olombelona manontolo tao amin'ny olana, rehefa nisalasala i Eva na hihazona Ny Teniny Andriamanitra na tsia. Milaza aho izao hariva izao, rahalahy, fa tonga ny fotoana izay tsy maintsy hinoantsika ny Teny rehetra izay nosoratan'Andriamanitra. Izany dia ny kely tsirairay, ny Fahamarinana. "Ny olona dia hivelona amin'ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."

89 Ankehitriny dia hitantsika fa nahita ny fitsanganana sy Fiainana i Maria.

90 Toy izany koa i Jairo, ilay mpisorona kely, mpino miafina, fa rehefa nahita an'i Jesosy izy ka nijery Azy, dia nahita ny fitsanganana sy Fiainana izy.

91 Nijery tany Aminy ireo olona noana, indray andro, ka nahita mofo mahavelona; tandindona iray hoe ny noana amin'izao andro izao dia afaka mahita ny Mofon'Aina, fa tsy mahita fanekem-pinoana iray. Tsy mahita mpanorina iray ianareo, tsy mahita mpanavao iray ianareo; mahita Fiainana ianareo rehefa mahita an'i Kristy, ilay Mofon'Aina.

92 Nijery tany Aminy ilay mpangalatra teo am-pahafatesana, tamin'ilay oran'ny fahoriana, ka inona no hitany? Nahita ny Famelàny izy. Hafa iza no azony nojerena? Ny governemanta Romana tsy namela azy. Tsy nisy olon-kafa namela azy. Fa nijery tany amin'i Jesosy izy, tao amin'ny fahoriany, ka nahita Olona iray Izay afaka namela azy.

93 Ry rahalahiko, anabaviko, izao hariva izao, raha mihantona tahaka azy tamin'izany ianareo, eo amin'ny mizànan'ny fanamelohana; ary mahafantatra, fa raha ho faty ianareo, izao hariva izao, amin'ny maha-mambram-piangonana matimaty iray, na Pentekotista matimaty iray, na mety ho inona ianareo, dia fantatrareo izay handehananareo. Mijere any Aminy, izao hariva izao, ilay Anankiray Izay afaka manafaka anareo. Anankiray, izao hariva izao, raha mpikambana fotsiny ianareo, ka tsy mahafantatra hoe inona no dikan'ny fitsanganan'i Kristy velona ao anatin'ny fon'olombelona iray, dia mijere any Aminy. Izy no Andriamanitra, ary Izy irery ihany. Hahita ny famelàna ianareo tahaka ny nataon'ity mpangalatra mahantra, matevina, mararim-pahotana ity, nihantona teo amin'ny Hazo fijaliana.

94 Nijery tany Aminy ireo marary. Inona no hitan'izy ireo? Nahita Mpanasitrana iray izy ireo. Ireo marary izao hariva izao

dia mbola afaka mijery any Aminy dia hahita Mpanasitrana iray. Hitan'izy ireo tao Aminy izay naseho tao amin'ilay menarana varahina; raha izany no tandindona, dia ity no tsy tandindona. Nijery ilay jamba ka afaka nahita. "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Hebreo 13:8.

95 Nijery ilay poety indray mandeha, nahita izay azony nojerena. Nijery i Fanny Crosby jamba indray mandeha, mba hijery izay azony nojerena. Satria jamba, dia ity ilay valiny ho azy:

> Ianao ilay Onin'ny fiononako rehetra,
> Mihoatra nohon'ny fiainana amiko,
> Iza no ho ahy eto an-tany ankoatra Anao?
> Na iza any An-danitra ankoatra Anao?

96 Eddie Perronet, indray mandeha, rehefa tsy afaka nivarotra an'ireo hirany izy ka nanontany ny amin'izay hatao. Dia niverina tao amin'ny biraony izy, ka nilatsaka teo aminy io tsindrimandry io, ny Fanahy Masina; noraisiny ny penina, ary nijery izy ka nahita Azy tao amin'ny hery, dia nanoratra izy ka nanoratra tamin'ny penina an'ilay hira hoe:

> Ny dera rehetra ho an'ny Herin'ny Anaran'i Jesosy!
> Aoka ireo Anjely hiankohoka;
> Ento ilay diademan'ny mpanjaka,
> Ary satrohy ho Tompon'ny rehetra Izy.

Izany no hitany tao Aminy. Oh, oadray!

97 Petera, mpanjono teo an-toerana; rehefa nanatrika an'ilay fifohazan'i Jaona Mpanao-batisa ny rahalahiny, Andrea. Niresaka an'izany foana izy ireo, ny amin'ny hoe ho inona ny Mesia, ary niady hevitra an'izany. Efa niteny taminy ny rainy hoe, "Hisy fanatika maro hitsangana, mialohan'ilay Mesia mihitsy, saingy ho fantatrareo Izy. Ho Mpaminany iray Izy. Ny Tompo no nilaza hoe, 'Ho Mpaminany iray Izy.' Natao hino ny mpaminanintsika isika."

98 Ary farany, indray andro, niaraka tamin'ny fandresendahatra rehetra izay azon'i Andrea natao, farany dia nitondra an'i Petera ho tonga hihaino Azy izy, satria tsy maintsy hanana fivoriana iray Izy tany amin'ilay moron-dranomasina, indray maraina. Nandeha hihaino ny Tenin'Andriamanitra izy. Ary raha mbola nandeha teo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy izy, dia inona no hitan'i Petera rehefa nijery Azy izy? Hoy Izy hoe, "Ianao, ny anaranao dia Simona, ary ianao dia zanak'i Jonasy." Nilamina mandrakizay izany. Fantany fa tanteraka ny Tenin'Andriamanitra.

99 Natanaela, indray mandeha, tena mpino iray an'ny Testamenta Taloha, niandry ny fihavian'ny Mesia. Nentin'i Filipo izy, sakaizany, tao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy, nitsangana teo amin'ny lampihazo iray, vatana foto-kazo, na

mety ho inona ilay izy, nivavaka ho an'ny marary. Ary rehefa niditra tao amin'ilay laharam-bavaka i Natanaela, na inona na inona ilay izy, ka nijery Azy voalohany, dia nandre Feo iray izy namaly azy, ka nanao hoe, "Indro ny Isiraelita iray, izay tsy misy fitaka."

100 Hoy izy hoe, "Raby, oviana no Nahafantaranao ahy? Oviana no mba Nahitanao ahy?"

101 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo Aho. . . rehefa teo ambanin'ilay hazo ianao, dia efa nahita anao Aho."

102 Inona no niaiken'i Natanaela fa hitany? Inona no nolazainy? "Ianao no Kristy. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely. Ianao no Zanak'Andriamanitra." Izany no hitany rehefa nahita an'ilay Tenin'Andriamanitra marina ho an'io andro io izy. Efajato taona tsy nisy mpaminany iray, nefa nahita Azy nahafantatra an'ireo tena eritreritra mihitsy izay tao am-pony, sy izay nataony, fantany fa tsy mety ho hafa afa-tsy Mesia izany. Tsy nanana an'izany isika, tsy nanana an'izany izy ireo, fa efa nampanantenaina izany, ka ny olona rehetra dia nahafantatra fa antomotra ilay fotoana.

103 Toy izany koa no ahafantarantsika an'ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, fantatsika fa Jesosy no nampanantena an'ireo zavatra ireo. Hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, ho toy izany koa rehefa tonga Izy." Mahita an'ireo zavatra ireo mitranga isika.

104 Inona no hitanareo rehefa mijery ianareo? Mahita ve ianareo, mieritreritra angano iray ianareo, sa—sa ianareo mahita karazan'ny—ny fifandraisana ara-tsaina iray, sa inona no eritreretinareo, tahaka ny nataon'izy ireo tany aoriana tany? Nijery Azy ireo Fariseo, inona no nolazain'izy ireo? "Manana devoly ity lehilahy ity." Ireo vahoaka iray ihany dia nijery an'ilay Olona iray ihany, ireo olombelona: ny anankiray nahita ny Zanak'Andriamanitra, Teny nampanantenaina iray voamarina; fa ilay anankiray hafa niantso an'izany ho devoly iray. Inona no hitanareo? Inona no jerenareo androany rehefa mahita ny herin'ny Fanahy Masina miditra ao amin'ny tranobe iray ianareo, manatanteraka ny Fampanantenany ny amin'izay Hataony amin'ny andro farany? Inona no hitanareo rehefa mijery ianareo? Raha mahita ny Tenin'Andriamanitra voamarina ianareo, amin'izay fotoana izay dia izany no Fanahy Masin'Andriamanitra. Eny, tompoko.

105 Nahita ny Teny nampanantenaina izay niainany i Natanaela, mba hahita ny teny fikasana voahosotra tonga nofo. Mosesy, ilay mpaminany, no niteny an'izany. Io Mosesy io, mpaminany voahosotra, no nampanantena an'io Teny io.

Vehivavy iray teo amin'ny fantsakana, indray andro.

106 Olona maro no nandà Azy. Ireo Fariseo sy Sadoseo dia niantso Azy ho "devoly." Hoy izy ireo hoe, "Tamin'ny alàlan'ny fanaovana hatsarana no Nanaovany an'io. Fanahy ratsy iray Izy. Adala Izy. Tsy nanana toerana handehanana Izy; izany ilay olana Taminy, hoe Izy fotsiny dia—dia lehilahy jiolahimboto iray."

107 Inona no nitranga? Inona no nitranga? Nandalo tao Samaria Izy, sy ilay tanànan'i Sykara. Ary rehefa nandeha tany Izy, indray andro, dia nipetraka teo ambonin'ny—ny toera-malalaka kely tany. Nisy vehivavy iray nivoaka mba haka rano fisotro, ary nilaza izy . . . Ary nandre azy Izy. Nandre Feo iray izy nanao hoe, "Itondray Aho hosotroina, ravehivavy." Ary Izy . . . Nijery teo izy, inona no hitany?

108 Voalohany, tsy nety azony ilay izy. Nisalasala ny Aminy izy. "Tsy fanao aminareo Samaritana ny—ny mangataka, na ianareo Jiosy ny mangataka zavatra tahaka an'izany amin'ny Samaritana."

Hoy Izy, "Fa, ravehivavy, raha fantatrao hoe Iza no niresahanao!"

109 Tsarovy ankehitriny, nisy Hazavana kely teo, voan'Aina nipetraka tao, efa voafidy mialoha hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Niandry an'Izany izy. Leo an'ireo teolojiany rehetra sy ny karazan-javatra izay nolazain'izy ireo izy. Fa niandry zavatra anankiray izy, satria fantany fa hisy Mesia iray ho avy.

Dia hoy Izy hoe, "Alaivo ny vadinao ary tongava eto."

Hoy izy hoe, "Tsy manana aho."

Hoy Izy, "Niteny ny fahamarinana ianao. Efa nanana dimy ianao."

110 Haingana mihitsy, nitsiry ho amin'ny Fiainana io voa kely io. Inona no hitany? Nahita ny famantaran'ny Mesia izy, tao amin'ny Lehilahy iray. Nahita an'ilay Teny nampanantenaina tonga voaseho izy. Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa mpaminany iray Ianao. Efa tsy nanana anankiray izahay nandritry ny an-jato taonany. Fantatray fa nampanantenaina izahay hoe ho avy io Mesia io, ary, rehefa tonga Izy, dia Izy no hiteny aminay an'izao. Izany no Hataony." Hitanareo? Inona no hitany, inona no hitany? Nahita an'ilay famantarana izay nampanantenaina ho an'io andro io izy, tonga voaseho.

111 Nampanantenaina ho an'ity andro ity ny Fanahy Masina, ny herin'ny Fitsanganany, Fiangonana iray, hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Jesosy no nampanantena hoe, "Ary ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa." Inona no jerenareo rehefa mahita ianareo?

112 Rehefa mankany am-piangonana ianareo ny Alahady maraina, mitady orga tsara tarehy iray ve ianareo, mpitoriteny mitafy tsara, akanjon'ny antoko mpihira, andiam-behivavy

manao lokon-tarehy? Inona no tadiavinareo, karazana fikambanana iray ao amin'ireo fiangonana ve? Mikambana amin'*ity* sy *itsy* ianareo. Inona no andrasanareo? Saiky izany no hitanareo. Henoy eto. Tsy mahagaga, rehefa mitondra an'ilay Filazantsara matsatso ianareo, ka mahita ny Fanahy Masina miditra ary manao Azy hiseho eo anivon'ny andian'olona iray tamin'ny fanao fahiny, dia hafahafa aminareo ilay izy, sarotra aminareo ny hino.

113 Tahaka ny nolazaiko indray hariva, mikasika an'i Josefa hoe, "Sarotra ho azy ny nieritreritra an'i Maria efa bevohoka. 'Ahoana no naha-toy izany azy, vehivavy kely iray masina tahaka an'io, ary nilaza izy fa Gabriela no namangy azy?'" Fa tena tsy nahazatra ilay izy. Tena tsy nahazatra ny zavatra iray tahaka an'izany. Tsy mbola nitranga mihitsy izany tany aloha.

114 Eo no itoeran'Andriamanitra, ao amin'ny tsy mahazatra, ho an'ilay fisainana ara-nofo. Fa ho an'ireo izay mino Azy kosa ho ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, dia azo atao ny zavatra rehetra. Ny teny rehetra izay Nampanantenainy dia ho tanteraka. Ireo zavatra tsy mahazatra no manao Azy ho Andriamanitra. Mandeha mankeo amin'ilay tsy mahazatra Izy. Manao ny zavatra rehetra ho tsy mahazatra amin'ny olona Izy. Eny, tompoko. Eny àry.

115 Nijery tany Aminy ilay vehivavy, ka nahita an'ilay famantaran'ny Mesia izy, Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo. Maro, ireo olona iray ihany, no nijery nefa tsy nahita na inona na inona.

116 Ireo tsi-mpino tamin'ny andron'i Noa, inona no hitan'izy ireo? Fanatika iray, nitonatonana teo amin'izay nantsoiny hoe sambo iray. Izay ihany no hitan'izy ireo. Nefa, ilay tena sambo izy tenany mihitsy dia voamboatra araka ny fahitana iray avy tamin'Andriamanitra Tsitoha. Ilay tena zavatra izay novelesiny mihitsy, ny hafany izay notoriany, izay naoriny tamin'ny alàlan'ny hafany, no nanambara fa marina izy ary nanantena. Niaina an'izay notoriany izy.

117 Izany no tokony hataontsika amin'izao andro izao. Tsy misy olona manana zò hitory teny raha tsy feno ny Fanahy Masina izy. Marina! Ireo teolojiana sy matematisiana, sy ny sisa, dia afaka manazava Azy hanalavitra anareo. Saingy raha ny lehilahy iray no efa tany ambadiky ny tany efitra tany, tao amin'io toerana masina io, ka nihaona tamin'Andriamanitra tahaka an'i Mosesy, dia tsy misy olona afaka hanaisotra an'izany aminy. Mahafantatra izy! Izy no anankiray izay tany. Tsy misy olona afaka miteny na inona na inona aminy mikasika an'izany. Tany izy. Izany no antony nandidian'i Jesosy an'ireo Mpianany hoe, "Aza mitory teny mandra-piakatrareo any amin'ny tanànan'i Jerosalema ka mandray ny Hery avy any amin'ny Avo, amin'izay

fotoana izay dia ho vavolombelona ny Amiko ianareo." Izany no hitan'izy ireo. Eny, tompoko.

118 Noa. Tsy afaka nahita na inona na inona izy ireo; inona no nataon'izy ireo rehefa avy nanao an'izany? Tsy niraharaha ny Tenin'Andriamanitra ka nitondra ny fitsarana teo amin'ny tenan'izy ireo. Marina tokoa izany.

119 Milaza aho, miaraka amin'i Jack Moore, tsy hoe manonona azy, fa milaza an'izany, satria heveriko fa izao no fotoany ankehitriny. Hoy i Jack Moore hoe, "Raha tsy mandentika an'i Amerika Andriamanitra ka mandoro azy, dia tsy maintsy hanangana an'i Sodoma sy Gomora Izy ka hiala tsiny nohon'ny nandorana azy ireo." Ary izany no fahamarinana.

120 Marina Andriamanitra. Manana valiny iray fotsiny Ny Teniny, ary hitsara marina tokoa an'izao tontolo izao Izy nohon'ny fihetsiny manohitra Ny Teniny amin'izao andro izao. Tsy mampaninona na firy ireo fivoriana ananantsika, fivoriana ara-pivavahana firy no ananantsika, tsy izany ilay izy. Ity Teny ity!

121 Jereo, tsy misy fotoana ara-pivavahana betsaka nohon'ny nisy tamin'ny andro izay nahatongavan'i Jesosy teto an-tany, oh, ny zavatra rehetra dia rakotra tanteraka tao anatin'ny fivavahana sy fombafomba, nefa diso daholo ilay izy!

122 Tahaka an'izany ilay izy rehefa i Amosa, ilay mpitory teny kely, sola loha; tsy fantatsika hoe avy taiza izy. Lasa tery ireo masony roa kely rehefa niakatra nitety an'ilay havoana izy ka nijery tany amin'i Samaria. Tanàna malaza an'ireo mpizaha tany izy, tahaka an'i Phoenix. Olona maro tany no tonga avy amin'ny manerana an'izao tontolo izao, mba hijery, hijery an'io tanàna malaza io, tsara tarehy toy ny ahoana ilay izy. Oh, ny zavatra rehetra dia nandeha, ireo toeram-pandihizana amin'ny alina ary tena toerana iray an'ny hafaliana, "toerana iray hiainana," hoy izy ireo. Saingy rehefa ity zazalahy kely mpamboly ity, nokasihan'ny Fanahy Masina, no nidina teo, dia tsy nanana na iza na iza nialoha azy ka nanao fikarakarana ho an'ireo fivoriany, tsy nanana mari-pamantarana izy, tsy nisy anaram-piangonana nikambanany, na tsy nisy na iza na iza hanohana azy. Fa rehefa nandeha nitety an'ilay havoana izy dia lasa tery ireo maso keliny, raha nijery tany amin'io tanàna io izy, dia nahita zavatra izay tsy hitan'ny sisa tamin'izy ireo. Izy rehetra dia nahita an'ilay hafaliana sy ny karazan-javatr'ilay tanàna. Fa izy nahita ny fitsaran'Andriamanitra nihantona, ary naminany nanohitra an'izany. Izy ireo dia niantso azy hoe "adala." Saingy iraika ambin'ny folo taona taty aoriana, dia nitranga marina tokoa tamin'ny fomba izay nilazany azy izany.

123 Misy olona iray izay afaka mijery ny fiangonana amin'ny fomba izay andehanany amin'izao andro izao ve, ary ny olona amin'ny fomba izay andehanany, ka hilaza mialoha an'ireo

fitahiana amin'ny ho avy? Milaza mialoha ny fitsarana aho, izay ihany. Mitaky fitsarana fotsiny ilay Andriamanitra marina, nohon'ny tsy firaharahiana Ny Teniny. Tsy maintsy tonga fotsiny Izy ka hanondro Azy eo anatrehantsika, sy hanao Azy hahitsy. Fa Andriamanitra marina iray, nandritry ny taona rehetra, tsy afaka manova ny Drafiny Izy. Tsy manova ny Drafiny mihitsy Izy. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tsy miova ireo Làlany. Tsy miova Ny Teniny. Ny rehetra, tsy miova Izy. Feno famindrampo Izy rehefa vonona ny hibebaka ny olona iray, saingy hanaraka kosa ny fitsarana raha tsy mibebaka ianareo.

124 Farao, rehefa nijery izy, ary ireo mody antsoina hoe fanatika, mody antsoina hoe mpaminany fanatika, niaraka tamin'ireo fihamboana maro ny amin'ny fanafahana, izay ihany no hitany. Fa ireo Isiraelita kosa dia nahita ny tànan'Andriamanitra teo amin'i Mosesy. Eny, tompoko.

125 Ilay lehilahy mpanan-karena dia nijery ary nahita, nanana an'ireo azo atao, saingy ny rafi-pandaminany no nalaza lavitra noho izay azony notanterahina tamin'Izany. Aiza ny fijeriny avy eo? Nijery avy tao amin'ny helo izy. Marina tokoa izany. Tonga teo aminy ny fitsarana. Izany no fotoana manaraka izay nojereny. Ho toy izany koa ny amin'ireo olona maro amin'izao andro izao.

126 Nijery ilay miaramila Romana, indray mandeha, rehefa nanohombo an'i Jesosy izy ireo. Nijery izy mba hahita izay Nataony, saingy tara loatra ilay izy tamin'izay fotoana izay.

127 Ry sakaiza, Amerika dia hanao an'izany, ihany koa. Hijery izy ireo indray andro any, ka hanao hoe, "Marina tokoa fa Zanak'Andriamanitra io," saingy ho tara loatra izany. Nihomehy sy naneso ho an'ny fotoana farany izy ireo.

128 Afaka nijery fotsiny izy tamin'izany fotoana izany ka nahita teo amin'izay nahafahany ho voavonjy, saingy tara loatra ilay izy tamin'izany fotoana izany. Nanohombo an'ilay Andrian'ny Fiainana izy ireo.

129 Ary tena imbetsaka, amin'izao andro izao, no mandà an'i Jesosy Kristy avy ao amin'ny fony ny olona, nefa nahita Azy nazava nanamarina izy ireo hoe Iza Izy, teo afovoantsika mihitsy. Eny, tompoko.

130 Nijery i Pilato, indray andro, ka resy lahatra, saingy nalaza loatra ireo politikany. Tsy afaka fotsiny izy, tsy afaka nanohitra an'izany fotsiny izy.

131 Nijery i Luther, ary nahita ny fanamarinana izy. Nandeha niaraka tamin'izany izy. Avy eo dia nandrafitra izy ireo.

132 Tonga i Wesley, nahita ny fanamasinana izy rehefa nijery an'i Kristy, hoe tsy maintsy amasinina ny fiangonana. Ary nanohy avy hatrany niaraka tamin'ny fanama- . . .

133 Tonga ny Pentekosta ka nahita ny famerenana an'ireo fanomezam-pahasoavana. Inona no nataon'izy rehetra? Tahaka

ny nataon'ny Katolika marina tokoa, nandrafitra an'izany, namerina an'izany avy hatrany indray.

134 O Andriamanitra! Indray andro dia nijery aho, ary, rehefa nijery aho, dia nahita ny Alfa sy Omega. Nahita ny Fiandohana sy ny Fiafarana aho. Nahita an'i Jesosy Kristy tsy miova omaly aho ary . . . Nahita Mpamela iray an'ny fahotako aho. Nahita Olona iray izay naka ny toerako aho. Oadray!

Inona no hitanareo rehefa mijery ianareo?

135 Mijery ny sakaizako antitra iray aho izao ankehitriny izao, Bill Dauch, mipetraka eto. Efa ho roa amby sivifolo taona ilay lehilahy. Andro vitsy lasa izay, vao tsy ela akory, raha ny marina, teo amin'ny enim-bolana lasa izay, dia nanana fijanonan'ny fo manontolo izy sy aretim-po, miaraka.

136 "Milaza ilay dokotera fa eo am-pahafatesana izy." Niantso ahy ny vadiny ka nanao hoe, "Ranadahy Branham, tongava. Eo am-pahafatesana izy. Sakaizanao i Bill."

Dia hoy aho hoe, "Eny àry, hataoko izany."

137 Ary teny amin'ny làlako nankany amin'ny toerany, dia nivavaka aho. "Andriamanitra, halako ny handeha hiteny aminy hoe 'veloma.' Fantatro fa raha velona mihitsy izy mandrapahatongako any, dia afaka hiteny aminy aho hoe 'veloma.'" Teo ambanin'ny oxygène, fijanonan'ny fo manontolo, iraika amby sivifolo taona. Nivoaka avy tao amin'ny tobin-tsolika iray aho, ary nijery, ka, rehefa nijery aho, dia nahita an'i Bill tonga nidina ny làlambe ary nandray tànana ahy.

138 Indro mipetraka eto izy izao hariva izao. Ilay dokotera izay niteny taminy an'izany, dia maty. Ary indro i Bill Dauch izy tenany no mipetraka eto, avy any Lima, Ohio, mitondra fiara manerana an'ilay ranonoran-dranomandry sy oram-panala, manaraka ny fivoriana rehetra izay andehanako. Nahoana? Nijery isika; mahita zavatra iray isika. Io Andriamanitra iray io ihany izay noresahako omaly hariva, tany Colorado tany, tao amin'ny fotoan'ny tafio-drivotra iray, nijery aho, hitako fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

139 Indro mipetraka eto Atoa. Way, lehilahy Anglisy iray, mipetraka eto eo amin'ny sisiny, eto mihitsy ankehitriny, vao avy nahamarika azy mipetraka eto aho. Avy any Indiana izy. Lehilahy Anglisy iray izy. Ny vadiny dia mpa—mpampivelona ara-panjakana iray. Lehilahy mahafinaritra! Indray andro, dia niresaka taminy aho. Nitory teny tao amin'ny fivoriana aho, tezitra tamin'izay nolazaiko izy, tao am-pony, ary, rehefa tezitra izy, dia nitambotsitra maty tao amin'ny mpanatrika mihitsy. Maty teo izy. Nihazona azy ny vadiny ary nitsapa azy; ireo masony, ny endriny dia nivadika mainty, ireo masony . . . tsy sarintsariny, fa ireo masony dia nivoaka ary nivadika nankany aorian'ny lohany. Hoy aho hoe, "Mipetraha tsara." Niondrika

nijery azy aho, dia nieritreritra hoe, "Oh, mihinjitra eo ilay lehilahy, maty."

140 Nidina aho, nametraka ny tànako teo aminy, nangatsiaka tahaka an'ity birao ity izy. Lasa izy. Hoy Rtoa. Way hoe, "Oh, Ranadahy Branham, lasa izy! Lasa izy." Niantsoantso tamin'ny tampon'ny feony.

141 Nijery tany ho any aho. Nahita an'ilay fitsanganana sy Fiainana aho. Nivavaka an'ilay vavaka izay notenenin'i Jesosy tamiko aho, ary nitsangana i Rahalahy Way. Indro izy mipetraka eto mihitsy izao hariva izao, nitsangana tamin'ny maty, mipetraka eto mihitsy izao hariva izao.

142 Marina izany, Atoa. Way, raha hitsangana iray minitra fotsiny ianao, mba hahitan'ny olona. Ary indro i Bill Dauch mitsangana *eto*.

143 Inona izany? Satria isika mijery any Aminy Izay tsy miova izay nanangana an'i Lazarosy, dia Izy no tsy miova tahaka ny naha-izy Azy. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Eny, tsy miova Izy.

144 Indro ny mpitory teny kely iray mitsangana eto alohako eto, amin'ny anarana hoe Blair. Tao amin'ny lozam-piarakodia iray ny zananilahy kely indray andro, ary mipetraka eo ny vadiny, mamafa ny masony ankehitriny noho ireo ranomaso. Niantso ahy tamin'ny telefona izy ireo tany, ka hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, tao anatin'ny fiara iray ny zanakalahy kelinay ary nivadika teo amin'ilay havoana, ary torotoro izy, voadona ny ati-dohany, sy ny sisa. Lasa izy, saiky mihitsy; zara raha miaina fotsiny." Hoy izy, "Hivavaka ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Ndao isika hivavaka."

145 Dia nanomboka aho, nijery, teo amin'ilay telefona izany, ary nanomboka nivavaka. Hoy aho hoe, "Tompo Andriamanitra, inona no holazaiko amin'izy ireo?" Nahita zazalahy kely iray nandeha aho, nihazakazaka ary nitsambikimbikina teo amin'ny tady iray, nihazakazaka tahaka an'izao. Hoy aho hoe, "Ho salama izy." Ary indro eto izy izao hariva izao. Ary indro mipetraka eto izy ireo. Nahoana? Satria Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

146 Jereo! Jereo! Inona no hitanareo rehefa mahita Azy ianareo? Mahita an'ilay Mpanasitrana tsy miova aho. Amena. Mahita an'ilay Anankiray izay nandeha tany Galilia aho. Mahita Azy ao amin'ny Heriny aho. Mahita Azy mamantatra an'ireo eritreritra sy tsiambaratelon'ny fo aho, maneho—maneho an'ilay famantarana mialoha an'ilay andro farany mihitsy. Ahoana no ahafahantsika mitety an'ity mpanatrika ity ary manerana ny firenena, milaza hoe inona Izy androany!

147 Fantatrareo ve izay eritreretiko? Tahaka ny nolazain'ilay mainty hoditra fahiny indray mandeha, tao amin'ny andron'ny

fanandevozana. Indray andro, tonga izy, hoy izy hoe, "Fantatrareo, ny . . . Afaka aho ankehitriny." Noho izany dia nandeha izy niteny teo anivon'ireo andevo hafa, ary hoy ireo andevo hoe . . .

148 Ary tonga teo amin'ilay tompony izany. Hoy ilay tompony hoe, "Avia eto, ry Sam." Hoy izy, "Inona izany teneninao eo anivon'ireo andevo eo ireo izany?"

Hoy izy hoe, "Ry mpampiasa, afaka aho."

Hoy izy hoe, "Ahoana no maha-afaka anao?"

149 Hoy izy hoe, "Afaka tamin'ny lalàn'ny ota sy fahafatesana aho, satria Jesosy Kristy no nanafaka ahy."

Hoy izy hoe, "Sam, izany ve no tianao ho lazaina?"

Hoy izy hoe, "Eny."

150 Hoy izy, "Handeha aho ka hanasonia ny fahafahanao, ary hamela anao hiteny amin'ireo rahalahinao mikasika an'izany."

151 Nitory teny nandritry ny taona sy taona ilay lehilahy antitra. Farany, indray andro, dia tonga teo amin'ny varavarany izy, tsy maintsy nisitaka niala tamin'ity fiainana ity izy. Ary rehefa nandry teo amin'ny fandriany izy, tao amin'ny tsy fahatsiarovan-tena iray nandritry ny andro vitsy, dia maro tamin'ireo rahalahiny fotsy no tonga mba—mba hijery azy, hanao veloma azy, satria efa miaramila tranainy mahery fo iray ho an'i Kristy izy. Raha mbola nandry teo amin'ilay fandriana izy, dia nahatsiaro tena, nijery manodidina, ka hoy izy hoe, "Mose, tsy ianao ve, sa . . . "

"Sam, tsy mbola lasa ve ianao?"

152 "Tsia." Hoy izy, "Tsy maintsy niverina aho." Hoy izy hoe "Nieritreritra aho fa efa tany aho." Hoy izy, "Izaho—izaho—mety nanonofy an'ilay izy aho." Hoy izy, "Nieritreritra aho fa efa tany aho. Ary rehefa nitsangana tany aho," hoy izy, "dia Anjely iray . . . Nentina teo amin'ilay varavarana fotsiny aho, ary," hoy izy, "tonga ny Anjely iray ka nanao hoe, 'Sam, avia alaivo ny satroboninahitrao, ary avia alaivo ny akanjonao.'"

153 Hoy izy hoe, "Aza miresaka amiko mikasika satroboninahitra sy akanjo iray, avelao fotsiny aho hitsangana eto ka hijery Azy mandritry ny iray tapitrisa taona." Nahita Azy ilay Anankiray izay nanafaka azy tamin'ny ota sy fahafatesana izy. Hitany teo ilay Anankiray izay niraikitra taminy an-kahasoavana na an-kaharatsiana. O Andriamanitra!

154 Indray maraina, nandry teo amin'ny fandriako aho. Fahiny aho dia nanana . . . Fantatrareo ny tantaram-piainako. Nanana alika antitra iray aho, izahay dia niantso azy hoe Fritz. Izy no nandefa ahy tany an-tsekoly; ireo hoditra opossum, sy ny sisa. Eny, nitondra azy isa-maraina aho fahiny. Nifoha aho, tany ambony, tao amin'ny trano vatan-kazo kely tranainy iray,

nandre azy nivovo avy lavitra tao amin'ilay lempona aho. Tsy nandainga tamiko mihitsy izy. Nankany aminy foana aho; nanana zavatra iray izy ho ahy.

155 Fantatrareo, iray amin'ireo maraina, dia handre azy hivovo ao amin'ilay lohasaha lava aho. Tsy maintsy mandeha any aho ka hahita izay ananany. Ho tsara daholo izany.

156 Henoy, rahalahy, mamelà ahy hiteny aminareo. Zavatra iray ihany no ho jerena rehefa mahita an'i Jesosy Kristy ianareo, izany dia ny mahita an'Andriamanitra ao Aminy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino aho fa eto Izy, izao hariva izao, mba hanao ho antsika an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, raha mivavaka isika. Mivavaha!

157 Misy anankiray ve ato, izao hariva izao, izay hanao hoe, "Rahalahy Branham, mangataha amin'Andriamanitra mba hamindra fo amiko. Te-hijery sy hahita Azy hafa aho. Efa nijery Azy aho ka naminavina. Efa nijery Azy aho ka nanontany. Efa nijery Azy aho ka nisalasala. Marina tokoa ve, fa niahy ahy Izy? Tia ahy ve Izy? Ireo zavatra rehetra izay voalaza mikasika Azy ireo, marina ve izany? Te-hahafantatra aho raha marina izany. Hangataka Azy hanambara an'izany amiko ve ianao izao hariva izao?" Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Ny Tompo hitahy anareo. Tsara izany. Hatraiza hatraiza.

158 Tompo sarobidy efa betsaka loatra ny voasoratra mikasika Anao. Fantatray fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mivavaka izahay, Tompo, mba, izao hariva izao, rehefa mijery izahay, dia mba hahita an'i Jesosy Kristy. Ianao no nampanantena ao amin'Ny Teninao, fa, ireo asa izay Nataonao, no hataonay koa. Ianao no nampanantena, amin'ny andro farany, fa hiverina eto an-tany indray Ianao, ao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, ho feno hery ilay fiangonana, ny Fanahy Masina. Hoy Ianao hoe, "Vetivety foana, dia tsy hanao soa an'izao tontolo izao ny hijery, satria tsy hahita an'Izany izy ireo. Fa ianareo ho hahita an'Izany, satria homba anareo Aho, ho ao aminareo mihitsy aza, hatramin'ny fahafonganana."

159 Tompo Jesosy, raha mbola misy fanararaotra iray foana ho an'ny olona mba hijery, dia enga anie izy ireo hijery izao hariva izao ka hahita Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany. Tsy maty Izy, fa velona mandrakizay Izy, vonona ny hanao fanelanelanana ho an'ireo izay vonona ny hibebaka Aminy. Ekeo izany, Tompo. Ary enga anie ireto fangatahana rehetra ireto, izay efa nangatahana, ho ekena. Ray, ekeo ireto zavatra ireto, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

160 Ankehitriny dia fotoan'ny vavaka ho an'ny marary izao. Nivavaka ho anareo aho; mino fa hamaly Andriamanitra.

161 Ankehitriny, mino aho fa nilaza i Billy hoe nizara karatra fangataham-bavaka betsaka izy. An'ny B ve ilay izy? An'ny B. Eny àry. Tsy manam-potoana isika; nihoatra kely ny ora aho; mamelà ahy. Minitra vitsy fotsiny no ananako. B, taiza isika—taiza isika no nijanona, tamin'izy ireo, omaly hariva? Taiza isika no nijanona, taiza isika no nijanona omaly hariva? [Hoy ny olona iray hoe, "Nalaintsika izy rehetra."—Mpand.] Oh, naka azy rehetra? Hanomboka amin'ny B fotsiny isika, nomerao iray, raha izany. Eny àry.

162 Nomerao iray, iza . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] . . . telo, efatra, dimy.

163 Aoka hisy olona iray hanara-maso ankehitriny. Midìna eto, Billy, ny sasany aminareo, haingana mihitsy, satria tsy manam-potoana isika ankehitriny. Isika fotsiny . . . ary aza mandany fotoana. Indraindray dia marenina izy ireo ka tsy afaka mandre, ary, na angamba tsy afaka mitsangana, na tahaka an'izany. Raha izany izy ireo, nahoana, izahay . . .

164 Nomerao iray, roa, telo, efatra, dimy. Eny àry, mandrosoa eto, raha sitrakareo. Misy iray, roa, telo, efatra . . . Marina izany. Mamelà ahy, tompoko. Enina, fito, valo, sivy, folo, aoka izy ireo hitsangana ankehitriny. Enina, fito, valo, olona iray ankehitriny, valo, sivy, folo. Valo, sivy . . . Eny àry. Iray, roa, telo, efatra, dimy . . . fito, valo, sivy, folo. Eny àry, folo hatramin'ny dimy ambin'ny folo, mitsangàna; ao amin'ny an'ny B, eny, izay ihany no karatra izay nozaraina. Dimy ambin'ny folo, eny àry, dimy ambin'ny folo hatramin'ny roapolo, mitsangàna. Iray hatramin'ny roapolo, ao amin'ny karatra fangataham-bavaka, raiso ny toeranareo *eto*. Iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, valo, sivy, folo, iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo. Izay no izy. Roapolo hatramin'ny dimy amby roapolo.

165 Firy no tsy manana karatra fangataham-bavaka? Mbola mino Azy foana ianareo. Raha mbola avy izy ireo, maka ny toerany, raha ireo dimy amby roapolo no, tonga ireo dimy amby roapolo voalohany, dia mamelà ahy hanontany anareo. Ny Baiboly dia nilaza, ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, hoe "Jesosy Kristy no Mpisoronabe antsika." Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Anankiray izay azo kasihan'ny fahatsapan'ireo fahalementsika." Isika ve hijanona, amin'ity andro ity, ho donto saina; ary hijery ny Mpisoronabe antsika lehibe hampahafantatra ny Tenany eo anivontsika, ary avy eo dia hipetraka tahaka ny biby fiompy moana tarihina? Tsia, tompoko. Ndao isika hitraka ka hanao, miaraka amin'ny fo iray ho an'ny ady rehetra. Aoka tsy ho tahaka ny biby fiompy moana tarihina. Aoka ho mahery fo iray! Ianareo olona mijere

aty dia minoa. Jereo ao amin'ny Soratra, izay Nampanantenainy. Eny àry.

Tsy handany fotoana mihitsy isika, hanomboka avy hatrany ao amin'ny laharam-bavaka isika.

Ndao isika hivavaka indray.

166 Tompo Jesosy, eo an-Tànanao izao ankehitriny. Eo an-Tànanao aho. Tompo, raiso ny Teny izay Nolazainao hoe, "tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma," ilay anankiray izay iankinako izao hariva izao. Ianao no nilaza, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12, rehefa niresaka tamin'ireo Mpianatrao mikasika ny fandehanana Ianao, hoy Ianao hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa."

167 Ny Baiboly no nilaza fa, "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samihafa sy fanao samihafa dia niteny tamin'ireo mpaminany, na, niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany; amin'izao andro farany izao kosa dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Jesosy Kristy." Ary Izy no Teny. Fantatray fa tonga ireo mpaminany, tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy ka nanao an'ity Teny ity ho velona ho an'io taranaka io; nanozona an'ireo mpanjaka, nitondra fitsarana, namoaka an'ireo marina, namonjy ny very; ireo mpaminany izay nahatongavan'ny Teny.

168 Ankehitriny ao amin'izao andro farany izao, Tompo, Ianao no nampanantena. Hoy Ianao hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma," raha mbola nipetraka teo i Abrahama tao amin'ilay hafanan'ny andro, ilay Fiangonana kely, nantsoina hivoaka. Mijery manerana an'izao tontolo izao izahay androany, Ray, mahita an'i Sodoma marina tokoa izahay, ilay an'ny Jentilisa simba, matimaty. Ary hitanay ireo anjely telo niseho teo anoloan'i Abrahama ireo.

169 Ny roa tamin'izy ireo dia nidina nankany amin'ilay fiangonana matimaty, Lota, niezaka ny hiantso azy ireo hivoaka. Ny roa tamin'izy ireo no nidina nankany, Billy Graham moderina iray, mba hiantso azy ireo hivoaka; tsy nisy fahagagana, fa nanajamba fotsiny ihany ny mason'izy ireo. Manao an'izany ny fitoriana ny Filazantsara.

170 Fa nisy Anankiray nijanona teo amin'ny vondron'i Abrahama, nampahafantatra an'ilay voafidy, nantsoina hivoaka, izay tsy tany Sodoma; teraka, tany ivelan'i Sodoma, ilay Fiangonana marina, ilay Taranak'i Abrahama amin'izao andro izao. Ary rehefa io Lehilahy io, izay niresaka taminy, no nanao hoe, "Aiza i Saraha, vadinao?"

Hoy izy, "Ao anatin'ny tranolay Aorianao izy."

171 Dia hoy Izy hoe, "Hamangy anao Aho araka ny andron'aina." Dia nihomehy izy.

172 Hoy Izy hoe, "Nahoana izy no nihomehy?" Namantatra an'izay nolazainy sy noheveriny tao anatiny, niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika nankany amin'ilay tranolay izay nisy azy.

173 Jesosy avy any Nazareta, ilay Zanak'Andriamanitra, no niteny taminay ao amin'Ny Teniny hoe, "Tahaka ny tamin'izany andro izany, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona."

174 Ary tena zavatra mahagaga iray ilay izy, Ray, hoe tsy nisy mpanavao iray mihitsy, tao amin'ny taona rehetra, izay nandeha nidina nankany Sodoma, tamin'ny anarana iray niafara tamin'ny "h-a-m," hatramin'ny androany. Ny Mpanomponao, Billy Graham, tany Sodoma nanao ny asany.

175 Ankehitriny, Ray, mivavaka aho mba Hamonjenao ny Taranak'i Abrahama izay eto izao hariva izao, fenoy ny Fanahy Masin'ilay Zanaka sarobidy nampanantenaina izy ireo. Taorian'io avy hatrany, dia niseho tao amin'ny nofo Andriamanitra ka nanao an'io famantarana io, avy eo dia tonga teo amin'ny sehatra ilay zanaka nampanantenaina. Andriamanitra, efa niandry Azy nandritry ny roa arivo taona izahay, ilay Taranak'i Abrahama. Maro no nodimandry; izao no fiambenana fahafito, miandry an'ilay antso ho avy amin'ny fotoana rehetra izahay hoe, "Indro, tonga ny Mpampakatra."

176 Ekeo, izao hariva izao, Ray, mba hisokatra ny fahazoan'ny olona, mba hahitan'izy ireo fa izao ilay famantarana izay nampanantenaina, mialoha an'ilay fihavian'ny Zanaka mihitsy. Izao ihany koa, tahaka ny nanaovan'ilay menarana varahina tandindona an'i Kristy, dia toy izany koa no nanaovan'ny fihavian'ny zanaka sy ny famantarana ny fihaviany (ao amin'ilay ara-boajanahary) tandindona an'ilay ara-panahy, ny amin'ny fihavian'i Jesosy amin'izao andro izao, ilay Taranaka Mpanjaka an'i Abrahama. Ekeo izany, Tompo. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, raha mametraka ny tenanay Aminao. Amena.

177 Tiako ny hilaza zavatra anankiray alohan'ny hivavahantsika ho an'ny marary mihitsy. Olona maro no manana fiheveran-diso mikasika ny fanomezam-pahasoavana iray. Ny fanomezam-pahasoavana iray dia tsy zavatra izay omen'Andriamanitra anareo mba hivoaka ka hanao hoe, "Indro, handeha eto aho ka haka an'*ity,* ary haka an'itsy ka hanao an'*ity*." Tsy fanomezam-pahasoavana izany. Olona maro mihitsy no mieritreritra an'izany, saingy diso fiheverana izy ireo. Ny fanomezam-pahasoavana iray avy amin'Andriamanitra dia ny hahafantarana fotsiny hoe ahoana no hanesoranareo ny tenanareo amin'ilay làlana mba ahafahan'Andriamanitra mampiasa anareo, izay ihany ny fanomezam-pahasoavana iray. Hitanareo? Raha mbola ao amin'ny tenanareo foana ianareo . . .

178 Tsy nilaza ve Jesosy, Izy tenany hoe, "Ny Zanaka dia tsy mahay manao . . ." Masindahy Jaona 5:19, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, ny Zanaka dia tsy mahay manao na inona na inona amin'ny Tenany." Nandalo an'io dobo izay nisy an'ireo mandringa rehetra Izy, ary nanasitrana lehilahy anankiray niaraka tamin'ny aretin'ny prostaty, na zavatra iray (aretina) izay naharitra. Hoy Izy hoe "Tsy mahay manao na inona na inona amin'ny Tenany ny Zanaka; fa izay Hitany hataon'ny Ray, dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka." "Tsy izaho," hoy Izy, "no manao an'ireo asa; izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko, Izy no manao an'ireo Asa."

179 Ankehitriny, ianareo olona izay mipetraka eo ireo, aza sahy mijery lehilahy iray mihitsy. Mijere an'i Kristy; Izy no ilay Anankiray. Fa Izy no nampanantena amin'ny andro farany fa haneho ny Tenany ao amin'ny nofon'olombelona Izy, tahaka ny Nataony tany Sodoma tany. Ankehitriny ny nofonareo, ny nofoko, ndao fotsiny isika hanokatra ny fontsika ka hanaisotra ny fiheverantsika manokana, ary hamela fotsiny ny Teny handray ny Fandehanany, izao hariva izao, ao anatintsika, amin'izay fotoana izay dia hahita an'ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra lehibe an'Ny Fanahiny isika voaseho eo anatrehantsika.

180 Aoka ho tena manaja. Aoka tsy hisy olona handeha. Mijanòna tena milamina ary mivavaha. Azoko antoka fa mankasitraka ianareo.

181 Ary raha misy olona iray eto izay mihevitra fa famitahana iray izao, dia mihaika anareo aho ho tonga eto amin'ny lampihazo. Ny olona rehetra! Noho izany, raha matahotra ny hanao an'izany ianareo, dia aza milaza na inona na inona mikasika an'izany.

182 Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia raisiko ny fanahy rehetra izay ato, ho eo ambanin'ny fifehezako, hanambarana ny Tenin'Andriamanitra.

183 Indro ny sary iray izao hariva izao, tahaka ny Masindahy Jaona ny toko faha-4. Lehilahy iray sy vehivavy iray mihaona miaraka, ataoko fa ho an'ny fotoana voalohany. Tsy mahafantatra anao aho. Ianao angamba no mahafantatra ahy, tamin'ny alàlan'ireo gazety sy—sy ireo honohono, saingy tsy mahafantatra anao aho. Fantatrao izany. Samy vahiny isika, tahaka ny Tompontsika nihaona tamin'ny vehivavy iray indray mandeha teo amin'ny fantsakana; lehilahy iray sy vehivavy iray mihaona, miresaka.

184 Fa raha tonga tahaka ny iray amin'ireo rahalahintsika sasany aho, ka hanao hoe, "Nanome ahy fanomezam-pahasoavana iray ho an'ny fanasitranana Andriamanitra, . . . "

185 Fantatrao ve hoe inona ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana? Finoana ao amin'ny fanasitranana. Hitanao,

mamotsotra fotsiny ny finoanao ianao, mba hivavaka ho an'ny olona iray, dia izay ihany no fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana. Tokony hanana an'izany ny mpitoriteny rehetra, ny olona rehetra, hitanao, dia tokony hanana ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana. Ilay Hery izay manasitrana anao dia ao anatinao, ny Fanahy Masina, tokony hamela Azy hiasa amin'ny Fombany fotsiny ianao. Izay ihany.

186 Tahaka ny aina izay ao anatin'ny hazo. Tsy mila mandrotsaka paoma ao anatin'ilay hazo ianareo, mba hanao azy hamokatra paoma. Efa nambolena eo amin'ilay tany fotsiny izy, dia misotro sy manosika hivoaka.

187 Eny, tahaka an'izany no anaovanao ny Fanahy Masina. Ao anatinao Izy. Misotro fotsiny avy ao amin'ilay loharano tsy mety ritra an'i Jesosy Kristy ianao, dia Izany no hanosika an'ireo vokatry ny Fanahy hivoaka. Hitanao?

188 Ankehitriny dia mitsangana eto aho, tsy mahafantatra anao. Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Vahiny iray tanteraka ianao.

189 Ankehitriny raha nandeha aho ka nametra-tànana teo aminao, ka nanao hoe, "Ranabavy, ho salama ianao." Afaka mino an'izany ianao, ary ho tena tsara izany. Saingy ankehitriny ahoana moa raha tonga Izy. . . Hitanao, tamin'ny andro efa lasa izany, tany amin'ny andron'ny Pentekotista.

190 Miaina mihoatra an'izany isika ankehitriny. Any ankoatry ny Pentekosta isika, tahaka antsika amin'ireo Metodista sy Loterana. Miakatra ambony hatrany amin'ny fihavian'ny Tompo isika, izay misy ny asam-panompoana izay nampiasain'i Jesosy Kristy, Izy tenany, izay tsy maintsy ho marina tokoa. Tahaka an'ilay vatosarona teo amin'ilay pyramida, izay tsy maintsy voapaika mandra-pahatongan'ny vato rehetra ho sahaza tanteraka. Ary tsy maintsy tonga ao amin'io toerana io ny fiangonana mba handraisana an'ilay Vatosarona, avy eo dia maka an'ilay zavatra manontolo ao amin'ny fitsanganana, rehefa hatsangana ilay Vatana.

191 Mino an'izany ve ianao? Mino ve ianao fa ireo zavatra izay noteneniko taminao ireo dia ny fahamarinana? Mino ve ianao? Raha hiteny amiko zavatra iray izay nataonao ny Tompo Jesosy, zavatra izay tsy tokony nataonao, zavatra izay tsy mety aminao, na mety ho inona ilay izy, ara-bola, tokantrano, tsy fantatro; na inona na inona ilay izy, dia hino ahy ve ianao, hino ve ianao, ho Mpanompony?

192 Kristiana iray ianao. Hitanao, niresaka taminao fotsiny aho mba ahitana ny fanahinao. Hitanao, tahaka an'izany no Nataony teo amin'ilay fantsakana; hoy Izy hoe, "Itondray ho sotroina Aho." Kristiana iray ianao. Mpino iray ianao. Marina izany. Tsy mpanakana fiara iray; mpino iray! Eny àry. Ny aretinao, ny tena aretinao, dia ao amin'ny tendanao. Ao ambadiky ny

tendanao, manana fivontosana iray ianao, ary io fivontosana io dia manome tosi-drà ho anao. Hanimba ny masonao izany, sy ny sisa. Marina ve izany? Izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Raha hino an'izany ianao, dia hiala izany. [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Andriamanitra hitahy anao. Mandehana ankehitriny.

193 Manao ahoana ianao, tompoko? Tsy mahafantatra anao aho. Samy vahiny isika. Jesosy Kristy no tsy miova oma-. . . anio, ary mandrakizay. Raha afaka mampiala sasatra ny tenako aho, tena betsaka mba ahafahan'ny Fanahy Masina hampiasa ny molotro sy ny masoko, tahaka ny hoe fotsiny. . .

194 Efa mba nanonofy nofy iray ve ianareo? Azo antoka. Eo no misy ny iray—ampahany iray aminareo, tsy maintsy ho tsy afa-mihetsika ianareo ao amin'ireo taovam-panamboloanareo dimy. Ianareo dia manana—manana fieritreretana iray ianareo ary amparahatoka iray. Ny fieritreretanareo voalohany dia *eto*, ary ny amparahatokareo dia *eto*. Tsy maintsy ho tsy afa-mihetsika ianareo ao amin'ireo taovam-panamboloanareo dimy, mba handehanana *eto* hanofisana; saingy rehefa miverina ianareo, dia mipetaka eto io hany ka tsaroanareo izay nofisinareo.

195 Ankehitriny, ireo mpahita, mpaminany, ny amparahatok'izy ireo dia tsy *etsy* ambony etsy; izany dia *eto* mihitsy. Raha tsy mivoaka avy ao amin'ireo taovam-panamboloanareo dimy ianareo; mitsangana ianareo, mitsangana ianareo, ary manonofy. Ary hilaza ianareo hoe manofisa. . . Hilaza aho hoe, "Manofisa nofy iray ho ahy." Tsy afaka manao an'izany ianareo. Izaho koa tsy afaka hahita fahitana iray ho anareo mihitsy. Mila an'Andriamanitra ny fanaovana an'izany. Fa, tsy mandeha matory aho mba hahita an'izany, mitsangana eto aho ary mahita an'izany. Izany dia fanomezam-pahasoavana iray avy amin'Andriamanitra. Raha afaka manao an'ilay fieritreretana voalohany hiala amin'ny làlana aho, dia hampiasa an'ilay fieritreretana hafa Andriamanitra raha manana zavatra iray ho lazaina Izy. Miankina Aminy izany.

196 Fa raha afaka aho amin'ny alàlan'ny fanampian'Andriamanitra. . . Raha nitsangana teto Jesosy nanao an'ity palitao sy pataloha izay Nomeny ahy ity, raha marary ianao dia tsy afaka hanasitrana anao Izy; tsia, efa Nataony izany rehefa maty Izy. Fa tsy fantatro hoe ho an'ny inona no maha-eto anao. Lehilahy iray fotsiny ianao. Isika dia manodidina, saiky mitovy taona, ary isika fotsiny dia—mitsangana fotsiny eto amin'ny lampihazo, mihaona ho an'ny fotoana voalohany. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka manambara amiko ny fanirianao, na izay nataonao, na ireo misakana anao? Raha afaka miteny aminao an'izay efa nisy Izy, dia afaka miteny aminao an'izay hisy Izy. Mino an'izany ve ianao?

197 Tsy te-haka fotoana betsaka aho, fa efa nitory teny mafy aho ka ianao dia tokony . . . ny fotoana, mikorontan-tsaina, tokony hiala sasatra marina tokoa ianao, satria tsy misy na inona na inona azoko atao raha tsy Izy no maneho amiko.

198 Eny, indro Izany, tonga eo ambonin'ilay lehilahy ny Hazavana. Eny àry, tompoko. Tsia, tompoko, tsy ho an'ny tenanao no ahatongavanao eto, eto ianao ho an'ny olon-kafa iray, ary zanakavavy iray izany. Ary mipetraka any California io zanakavavy io, ary efa tratry ny lozam-piarakodia iray izy, vao tsy ela izay. Ary tianao aho . . . Mitsangana ianao, mba hivavahako ho azy, satria mbola misy fiantraikany aminy izany. Ary, henoy, mamelà ahy hiteny zavatra iray aminao, tsy tany California io lozam-piarakodia io. Tany Dallas izany, Texas, no nitrangan'ilay lozam-piarakodia. Marina ve izany? Ho salama izy. Aza adino, nahita azy nandeha tsara aho. Eny àry, minoa. Mandehana ka minoa ankehitriny, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao.

199 Manao ahoana ianao, ramatoa? Vahiny aminao aho. Tsy mifankahafantatra isika. Tena vahiny tanteraka isika. Tena mi- . . . mino ve ianao fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? Mino Azy ve ianao? Ankehitriny raha afaka miteny amiko zavatra iray mikasika anao ny Fanahy Masina, izay fantatrao fa tsy fantatro, amin'izay fotoana izay dia izany no hanao anao hino, sa tsy izany? Ianao dia . . . manana fahasarotana ianao. Manana zavatra maro ianao, saingy, ny tena zavatrao lehibe dia, eo am-panatrehana fandidiana iray ianao nohon'ny fivontosana iray, ary ao amin'ny tehezanao io fivontosana io. Marina izany. Marina izany. Izany no maha-eto anao mba hivavahana. Raha afaka miteny aminao aho hoe iza no anaranao, dia hino ahy ho Mpaminaniny ve ianao, na hino fa ho marina izany? Ramatoakely Holman, zory ny làlanao, mifaly. Hitanao? Andriamanitra hitahy anao. Mino ankehitriny. Aza misalasala.

200 Manao ahoana ianao, ramatoa? Samy vahiny isika. Tanora noho izaho ianao, vehivavy iray sy lehilahy iray fotsiny.

201 Vetivety fotsiny, aoka ny rehetra ho tena hanaja. Niala teto ny Fanahin'ny Tompo.

202 Ity lehilahy mipetraka *eto* ity, manao solomaso, dia manana olana ara-panahy ao an-tsainao. Tsy fantatrao izay hatao. Mikorontana tanteraka ianao. Minoa, dia ho tafavoaka tsara mihitsy ianao. Eny, tompoko. Hanao an'izany ve ianao? Eny àry.

Aoka hanaja ankehitriny.

203 Indro ny ramatoa kely iray, mipetraka eto mihitsy, mijery tahaka an'*izao* izy, miaraka amin'ny tànany, mivavaka. Manana tànana marary izy izay ivavahany. Raha hino ianao, eny, dia Andriamanitra no hanao azy ho salama. Tsy mahafantatra anao aho, ianao tsy mahafantatra ahy, fa nikasika Zavatra iray ianao.

Tsy nikasika ahy mihitsy ianao; any amin'ny roapolo diantongotra avy eto amiko ianao. Jesosy Kristy no manasitrana anao. Ny finoanao no manao anao ho tsara.

204 Raha tsy izany io Jesosy tsy miova io, ilay Mpisoronabe, izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika! Tsy mino ve ianareo fa izany ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

205 Miala tsiny aho, tsy maintsy manaraka an'ilay làlana andehanan'Io aho.

206 Miha-malemy aho ankehitriny, hitanareo, anankiray fotsiny. . . Fantatrareo, ny Tompontsika, vehivavy iray no nikasika ny Lambany indray mandeha ka hoy Izy. . .

207 Mamelà ahy, io ramatoa mainty hoditra mipetraka eto io, mivavaka; aretin'ny aferon-tatavia, tosi-drà ambony. Minoa, ramatoa, dia hiala aminao izany. Amena.

208 Nijery aho, dia nisy ramatoa mainty hoditra iray nipetraka teo, hitanareo, ny finoany no nisintona an'Izany avy hatrany. Amena.

209 Io ramatoa aoriany io mihitsy, miaraka amin'ny sohika. Raha hino ianao fa hanao anao ho salama amin'io sohika io Andriamanitra, ianao dia afaka mahazo an'izany, ihany koa, raha hino an'izany ianao.

210 Manana faniriana iray lehibe ianao ao am-ponao, ary izany dia—dia faniriana iray ara-dalàna. Mila zazakely iray ianao. Ary ny antony tsy ahafahanao mahazo azy, dia manana aretim-behivavy iray ianao. Ary marina izany. [Hoy ilay anabavy hoe, "Izany no nataoko ao anatin'ilay karatra."—Mpand.] Eny àry, mino ve ianao ankehitriny fa ianao dia. . . fa homen'Andriamanitra anao izany? ["Eny. Marina izany."] Raha hiteny amiko ny Tompo Jesosy hoe iza ianao, dia hino ve ianao? ["Eny."] Rtoa. Lambert. ["Marina izany."] Ankehitriny dia mandehana, minoa an'izany. Manao anao hino ve izany? ["Amena."] Enga anie ho azony izany, Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Manàna finoana!

211 Tompoko, samy vahiny isika, saingy Andriamanitra dia mahafantatra antsika roa. Mino ve ianao fa hanambara amiko ny aretinao ny Tompo Jesosy? Mino ianao. Tsy avy eto ianao. Tsy avy any Arizona ianao. Avy any amin'ny farany atsinanana ianao: Michigan. Marina izany. Marina. Manana tosi-drà avo ianao, fahamafisan'ireo làlan-dràn'ny fo, fahasarotana eo amin'ny fihainoana. Niala taminao izany. Mandehana miverina any Michigan, ny Tompo Jesosy no nanao anao ho salama.

Manàna finoana an'Andriamanitra!

212 Ilay ramatoa mipetraka eto io, mivavaka ho an'ny rainy. Tratry ny aretin'ny Parkinson izy. Ary ny. . . Mahita azy aho

ankehitriny, ary voaaloka izy. Tsy voaaloky ny fahafatesana fotsiny ihany izy, fa fahafatesana Mandrakizay, satria tsy voavonjy izy. Marina izany. Mino ve ianao fa hamonjy azy Andriamanitra ka hanasitrana azy? Raha manana finoana betsaka hikasihana an'i Jesosy Kristy ianao, ilay Mpisoronabe antsika, dia azo antoka fa afaka manaiky an'izany ianao.

213 Ankehitriny hanao fankasitrahana iray ho ahy ve ianao? Apetraho eo amin'io vehivavy akaikinao io ny tànanao. Mivavaka ho an'ny anadahiny izy. Hia. Marary io anadahy io, ary mpisotro alikaola iray ihany koa izy. Marina izany. Minoa fotsiny, dia hijanona tsy hisotro izy ary ho salama.

"Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra!"

214 Ilay ramatoa mipetraka eto, mivavaka, eto anoloako eto mihitsy, manondrika ny lohany. Afaka miteny aminareo aho, mivavaka izy hoe, "Tompo, mba ho izaho anie izany." Ilay ramatoa dia . . . Mivavaka ho an'ny sakaiza iray izy, ary io sakaiza io dia any amin'ny hopitaly eto, eo am-pahafatesana miaraka amin'ny homamiadana; ary ho an'ny tenany, ihany koa. Tsy hanana azy izy. Rtoa. Kelly, mitsangàna ka ekeo ny fanasitranana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy mbola nahita an'ilay vehivavy mihitsy aho, teo amin'ny fiainako.

215 Mino ve ianao fa manasitrana ny aretim-po Andriamanitra? Mino ve ianao fa manasitrana ny anao Izy? Eny àry, noho izany dia mandehana, manao hoe, "Misaotra Anao, Andriamanitra Malala."

216 Sarotra ho anao ny mifoha amin'ny maraina, tena henjana ianao miaraka amin'io aretin-kozatra io. Tsy ho tahaka an'izany io rahampitso raha hino fotsiny ianao ka handroso. Eny, tompoko.

217 Eny àry, tompoko. Mila famindrana rà iray avy eny Kalvary ianao, manasitrana ny diabeta sy ny zavatra rehetra izany. Mino ve ianao fa manao an'izany Izy? Eny àry, ny anao dia afaka ho sitrana, ihany koa, raha hino fotsiny amin'ny fonao rehetra ianao.

218 Avia eto. Mikorontan-tsaina ianao, izany no niteraka ny aretinao. Manana vavony misy lavaka iray ianao. Mino ve ianao fa hanasitrana an'izany Andriamanitra? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, mino aho."—Mpand.] Te-haneho zavatra iray aminao aho. Hanala ny famantaranandroko iray minitra fotsiny aho. Mikorontan-tsaina, somary sarotra izany, saingy fanahy tsara iray ianao. Mamelà ahy handray ny tànanao. Te-handray ny tànanao aho. Tiako ianao hijery ny tànako. Diniho ankehitriny, hametraka ny tànanao eo an-tampon'ny tànako aho. Ankehitriny dia hitanao ve ilay izy, hitanao ve ireo zavatra izay mandalo eo, ireo tahaka ny fangovitana kely ireo? ["Eny, hitako."] Izany io aretim-bavony velona io. Diniho ankehitriny, esory ny tànanao, ankehitriny dia miverina ara-dalàna ilay izy. Ankehitriny dia

hametraka ny tànako eo ambony eo aho, tsy manao an'ilay izy izany, sa tsy izany? ["Tsia."] Fa hametraka ny tànanao eo ambonin'izany aho, dia io indray ilay izy. Hitanao? ["Eny."] Ankehitriny dia misy zavatra iray manao ohatra eo, izay azonao jerena amin'ny masonao manokana tokoa. Marina ve izany? ["Eny. Amena."] Atsangano ny tànanao mba ahafahan'ny mpanatrika mahita fa marina izany.

219 *Ity*, afaka mahita an'izany ny mpanatrika. Apetraho eto ambony eto ny tànanao. Ankehitriny esory ny tànanao, ramatoa. Ankehitriny dia apetraho eo indray ny tànanao. Aretim-bavony velona iray ilay izy. Nofo manify izany, zavatra iray izay mikiky an'ilay nofo manify. Izany dia vokatry ny fikorontanan-tsaina, niparitaka. Ianao dia manana aretim-behivavy, ihany koa. Eny àry.

220 Ankehitriny, eto, ankehitriny dia izao no fotoana tsy maintsy handraisanareo fahasahiana, mba hahafantaran'ity ramatoa ity fotsiny.

221 Ankehitriny dia tiako ny mpanatrika hihazona ny lohany miondrika, ka hivavaka, satria handeha avy amin'ny anankiray mankany amin'ny iray hafa izany. Rehefa ianareo no tsy maintsy . . . Hoy Jesosy hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo." Ankehitriny dia hazòny miondrika ny lohanareo raha tsy mila aretim-bavony iray ianareo. Hitanareo?

222 Ankehitriny dia tiako handinika ianao eto. Tratry ny aretim-bavony ianao, ankehitriny dia diniho ny tànako ka jereo fa tsy manetsika ny tànako aho.

223 Ray any An-danitra, aoka ny Famindramponao sy ny fahasoavanao ho eo amin'ilay vehivavy, mba hanao azy ho salama. Mandinika ny tànako izy. Mandinika izy, Ray, mba hahita raha misy zavatra iray miova. Ary fantatro izany, ny finoany, satria mikorontan-tsaina, dia mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanampianao azy. Amin'ny Anaran'i Jesosy, ampio izy.

224 Ankehitriny, ilay ramatoa, tsy mbola nanokatra ny masoko aho, saingy mahafantatra ilay ramatoa fa mbola mijanona tahaka ny naha-izy azy fotsiny ny tànako. Tsy marina ve izany, ramatoa? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Ankehitriny dia diniho tsara ilay izy ankehitriny.

225 Noho izany, izao dia tsy natao hanaovana fampisehoana iray. Natao izao mba hanambarana fa mihazona Ny Teniny Jesosy. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo."

226 Ankehitriny dia hihazona mafy ny tànako fotsiny aho. Ary tiako ianao hanamarika, ilay izy dia tsy ny fomba izay hihazonako ny tànako. Hitanao, eo foana ilay izy. Hitanao ve hoe ahoana no hivontosany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Miha-ratsy foana ["Eny."] satria mihazona aho. Ngoly ny tànako

manontolo, hatrany amin'ny kihoko. Ankehitriny dia diniho vetivety fotsiny ilay izy.

227 Tompo Jesosy, tsy ho an'ny fampisehoana iray (tsy tokony hanao an'izany izahay), fa mba hahatonga Ny Teninao ho tanteraka. Tsy nanasitrana ny olona mihitsy Ianao satria mba hanehoana fotsiny hoe Andriamanitra Ianao, fa nanatanteraka ny Teny izany. Ary tahaka an'izany aho. . . ny antony anaovako an'ity izao hariva izao, Ray, dia ny finoako mba hino fa afaka ny ho sitrana amin'io demony io ity vehivavy tsara ity.

228 Satana, mandidy anao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Izay nandresy ny aretina rehetra, ary eo ambanin'ny Tongony izany. Ary amin'ny maha-Mpanompony, dia raisiko ny fahasahiana. Amin'ny Anaran'i Jesosy, mialà amin'ilay vehivavy, mivoaha ao aminy.

229 Ankehitriny dia tsy nanetsika ny tànako aho. Vavolombeloko ilay ramatoa. Nisy zavatra nitranga tamin'ny tànako, sa tsy izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Raha marina izany, dia manaova hoe, "Amena." ["Eny. Amena."] Lasa ilay izy, sa tsy izany? ["Eny. Amena. Lasa ilay izy."] Sitrana ianao. ["Haleloia!"] Ankehitriny dia io izy. ["Misaotra Anao, Jesosy!"] Ankehitriny dia mijere aty. Mametraka ny tànako aho, ankehitriny dia apetraho ny tànanao, mitovy fotsiny. ["Eny. Amena."] Sitrana ianao. ["Eny. Amena. Haleloia!"] Mandehana, mandehana hano ny sakafonao hariva, Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

"Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo!" Eny.

230 Mino ve ianao, ranabavy? Mino ve ianao? Mino ve ianao fa afaka manala an'io aretin'ny sohika io hiala aminao Andriamanitra ka hanao anao ho salama? Eny àry, zory ny làlanao, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy. Mino Anao aho, amin'ny foko rehetra."

231 Manao ahoana ianao, tompoko? Ny fo no nanelingelina anao, karazana sakana iray nateraky ny fikorontanan-tsaina; ireo fidoboka, fidoboka indroa, ny anankiray eo amin'ny. . . roa eo amin'ny ilany iray, ary iray eo amin'ilay hafa. Eny àry, tompoko, mijanona ilay izy ankehitriny. Mandehana. Ny finoanao no nanao anao ho tsara, tompoko. Mandehana, minoa amin'ny fonao rehetra. Eny àry.

232 Vavony iray hafa, ratsy. Mino ve ianao fa manao anao ho salama Jesosy? Mandehana fotsiny, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy." Minoa an'izany. Raha afaka miteny aminao Izy hoe iza ianao, dia azo antoka fa afaka manasitrana anao Izy.

233 Ahoana moa raha tsy nilaza teny anankiray taminao aho, nametra-tànana fotsiny teo aminao, hino ve ianao fa ho sitrana, mipetraka eo amin'ilay seza? Hino ve ianao? Zory ny làlanao,

manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo." Ilay izy dia izay inoanao.

234 Avia. Mino ve ianao fa efa nanasitrana an'io aretin-damosina io Andriamanitra, raha mbola mipetraka eo arak'izany? Eny àry, afaka mandeha ianao, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo." Minoa amin'ny fonao rehetra. Mandehana ary minoa.

235 Tompoko, raha tsy Andriamanitra no manasitrana anao, dia ho lasa kilemaina ianao indray andro any, tahaka an'*izao*, miaraka amin'ny tehina iray, handeha miaraka amin'io aretin-kozatra io. Nahoana no tsy manaiky Azy izao ankehitriny izao? Mino ve ianao? Zory ny làlanao, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo." Ary itsaho ilay zavatra, ka zory avy hatrany ny làlanao, mifaly.

236 Manasitrana ny lamosinao Jesosy ary manao anao ho salama. Mino an'izany ve ianao? Eny àry, zory ny làlanao, manao hoe, "Misaotra Anao, Andriamanitra Malala."

237 Avia eto, ramatoa. Ankehitriny dia inona no atahoranao? Ny antony atahoranao, dia fotoan'ny fitsaha-jaza izao ho anao. Fantatrao izay tiako lazaina, fiovan'ny ramatoa iray. Ary ny zavatra rehetra, amin'ny hariva tara iray, dia lasa reraka ianao. Tsy afaka manao ny asanao ianao, tena vizaka ianao. Tsy marina ve izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Eny àry. Mety tsara daholo ilay izy ankehitriny. Mandehana, ny finoanao no manao anao ho salama.

238 Iray hafa, mikorontan-tsaina, fa efa nikorontan-tsaina foana ianao teo amin'ny fiainanao rehetra, efa nikorontan-tsaina fony ianao tanora. Efa mpisidisidina kely iray nandehandeha ianao. Saingy ankehitriny dia toy ny hoe misy zavatra iray izay mihazona anao fotsiny. Ampahoriana foana ianao. Tsy marina ve izany? Tsy ho izany intsony ianao, raha hino ahy izao ankehitriny izao ho mpaminanin'Andriamanitra. Mandehana ka minoa.

239 Firy eo no mino amin'ny fonareo rehetra? Apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mandidy ny lehilahy sy vehivavy rehetra eto aho hametraka ny tànanareo eo amin'ny anankiray hafa.

240 Raha ny Tenin'Andriamanitra, raha marina ny ampahan'Izany, dia marina ny rehetra amin'Izany. Hoy Jesosy Kristy hoe, "Amin'ny—amin'Ny Anarako dia handroaka devoly izy ireo." "Ny Tenin'Andriamanitra dia Mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."

241 Hoy Jesosy hoe, "Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ny mpino rehetra ato, manaova "amena" amin'izany. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany, dia mpino ianareo, mivavaha ho an'ilay anankiray izay ametrahanareo ny. . . Mivavaha ho an'ilay anankiray izay mametraka ny tànany eo aminareo, satria

mivavaka ho anareo izy ireo. Ndao isika hiaraka hivavaka ka handresy an'ilay fahavalo, ary aoka ny olona marary rehetra ato ho sitrana, ao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy.

242 Andriamanitra Tsitoha, Mpanao ny Fiainana, Mpanome ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra, alefaso eo amin'ity vahoaka ity ireo Fitahianao.

243 Satana, verinao ny ady. Eto Jesosy Kristy. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mametraka ny tànany eo amin'ny anankiray hafa ireo Kristiana. Mivavaka amin'ny fivavaky ny finoana izy ireo.

244 Hoy Ianao hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanao hoe, "Amena," mino izy ireo. Nanisy tsindrim-peo teo amin'ny fanirian'ny Fonao izy ireo, rehefa hoy Ianao hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Mametraka ny tànany eo amin'ny anankiray hafa izy ireo.

245 Resy ianao, Satana. Mivoaha amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mialà amin'ity toerana ity ary mialà amin'ity tranobe ity, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

246 Ny lehilahy sy vehivavy rehetra izay mino fa mpino iray no nametraka ny tànany teo aminareo, nivavahana ny fivavaky ny finoana, ka vonona ny hamoy ny aretinareo ianareo, hamoy ny eritreritrareo mikasika an'izany, ka hanaiky ny Tenin'Andriamanitra hiditra ao am-ponareo, dia mitsangàna ka ekeo ny fahasitrananareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena ary amena! Atsangano ny tànanareo ankehitriny ka omeo Azy ny dera, satria tapitra daholo ilay izy.

Mijery An'I Jesosy MAG64-0122

(Looking Unto Jesus)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 22 Janoary 1964, tao amin'ny Ramada Inn ao Phoenix, Arizona, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org